FOULPOINTE 4

# NIHINANA VOVO-JAVATRA, OLONA 2 NAMOY NY AINY, 6 TSABOINA


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7850 | Taona faha-26 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Sabotsy 20 aprily 2024


MARINA IZANY ! 7

## MIHARATSY NY TANY

HABAN-TSENA 8

## NAMPIAKATRA NY RAHARAHA ANY AMIN'NY FILANKEVI-PANJAKANA NY CUA

FEDERASIONA MALAGASIN'NY BAOLINA KITRA 10

# NESORINA NY SEKRETERA JENERALY SY NY DAF




Ho anao Ramatoa 15

VOASARIMAKIRANA



## MANAMPY BETSAKA AMIN'NY FIKOJAKOJANA TAREHY

CÉLIN RAKOTOMALALA - BAKALOREA 2024 9




# "IZAY TSY HISIAN'NY DELESTAZY SY NY LAZA ADINA DISO NO TOKONY HIJERENA VAHAOLANA"


TSAROAKO ILAY... 3

MICHEL GOOD GUY (RUGBY)



## TELO ANDRO VAO TONGA TANY MORONDAVA FA SIMBA NY FIARA NITONDRA AZY

"Miss et Mister île verte Madagascar"

# Voafidy ireo telo mianadahy hisolo tena an'i Vakinankaratra








Izy telo miandahy ireto no nisalotra ny amboaran'i Vakinankaratra tamin'ny hatsarana.

Todiniaina Fenohery ; Noro Hariniaina Hanitranirina Nandrianina ary Fanilonekena Fahendrena Christinah. Izy telo mianadahy ireo no voafidy ho mpanjakan'ny hatsarana tao andrenivohitr'i Vakinankaratra, tao anatin'ny fifaninanana "Miss et Mister île verte Madagascar". Teo amin'ireo tovolahy nandray anjara, i Fenohery no nambabo ny fon'ny mpitsara tamin'ireo nifanintsana tao an-toerana. Tovolahy lehibe tao Vakinankaratra ihany ary avy eny Talata Andraikiba no fihaviany. Tanjony ny ho lany Mister hibata ny amboaran'i Madagasikara amin'ny fifaninana miss ka hisolotena ny tovolahin'i Gasikara any am-pitandranomasina.

I Noro Hariniaina kosa no nisalotra ny anaram-boninahitra "Miss" Vakinankaratra tao anatin'ity fifanianana ity. Mipetraka ao Mahafaly Antsirabe izy, 25 taona, taona faha-2 manaraka ny lalam-piofanana fifandraisana, ary taona faha-3 kosa amin'ny fianarana "Muséologie". Mampiavaka ity tovovavy ity, 4 mianadahy izy ireo no iray tampo ka ny reniny no nitaiza azy fa nisaraka ny ray amandreniny. "Olona tia miasa sy mianatra aho ka tsy miankin-doha amin'olona izany fa mahaleo tena hatrany. Tia manao fifaninanana, tia manao fanatanjahantena, tia mifandray amin'olona, tia karokaroka. Tsotra sy tia mitsiky fa matotra amin'izay atao. Vonona hitarika ny tanora hiaro ny tontolo iainana », hoy izy.

Fanilonekena Christinah,17 taona, miss little Vakinankaratra. Mpianatra Taona famaranana ao amin'ny Lycée Andre Resampa Antsirabe, mipetraka eny Tomboarivo. Nambarany fa : "vavimatoa amin'ireo 5 mianadahy ireo iray tampo aminy (2 vavy, 3 lahy). Tia mandihy "danse de salon", mahay miteny frantsay sy anglisy. Faniriako hatramin' ny fahazazany ny hanao miss ary mbola tiako ihany koa ny ho lasa mpilatro malaza eran-tany. Tanjona ny hanampiana ireo sahirana satria efa nandalo fahasahiranana. Tiako ny mizara, izay haiko sy hananako. Tiako tsy hisy intsony izany fahantrana izany», hoy izy.

Izy 3 mianadahy ireo izany no hisolotena an'i Vakinankaratra amin'ny famaranana ny fifaninanana "Miss et Mister île verte Madagascar" eto an-drenivohitra.

Fy

Ambondrona 2024

# Hitohy any Imerintsiatosika ny fitetezam-paritra

Anisan'ny mpanakanto tohanan'ny Orinasan-tserasera Airtel Madagasikara amin'ny fitetezam-paritra izay ataony mandritra ity taona ity ny Tarika Ambondrona. Rehefa avy nihaona tamin'ny mponin'ny Tsiroanomandidy, Ambatolampy any amin'ny lalam-pirenene faha-7 iny dia hihazo an'Imerintsiatosika any amin'iny lalampirenena voalohany indray ry zareo rahapitso Alahady. Ao namin'ny Kianjan'ny Miakadaza ary ny fotoana hitondran'ny tarika ireo hirany notsongainy manokana ho an'ny mponina any an-toerana. Aorian'ity any Imerintsiatosika amin'ny alahady ity dia mbola maro ny faritra hitondran'ny tarika ny kantony. Anisan'ny handray anjara amin'ilay hetsika Festival Tsika Jiaby any Parsi France izay atao amin'ny 18 Mey ihany koa ny Ambondrona. Mialoha izany anefa dia mbola hihazo ny renivohitry an'ny Fianaratsoa ry zareo ny 26 avrily ao amin'ny Royal Palace sy ny 28 Avrily ao amin'ny Kolejy Maria Manjaka. Aorian'izay dia hihaona amin'ny mpankafy etsy Mandrimena Iavoloha ao amin'ny Kianja ISTS amin'ny Alarobia 1 Mey fetin'ny Asa. Ny Alahady 5 Mey indray dia eny Sabotsy Namehana ao amin'ny tokontany LCO Namehana ary ny fihaonana amin'ny mponin'ny Faratsiho ao amin'ny Tokotanibe Lycée St Paul ny 12 Mey. Ity any Faratsiho ity ny hamaranana ny fitetezam-paritra enim-bolana voalohany. Misy hatrany ny fahfahan'ny mpanjifa mividy ireo tolotra maro samihafa omen'ny orinasan-tserasera Airtel Madagasikara amin'iroe toerana hanaovana ny fampisehoana mba ahafahana manatanteraka ilay fanamby lehibe hoe "Au dela de l'imagination".



Manome seho miavaka isaky ny toerana alehany ny tarika Ambondrona.

Tiaray R

Tarika iray Fy'Art

# Hitondra an-tsehatra ny tantara "Ny Herin'ny Vola" any Antsirabe

Any Andraikiba Antsirabe indray no hitondran'ny tarika Iray Fy'Art an-tsehatra ilay tantara mandeha amin'ny onjam-peo hoe "Ny Herin'ny Vola". Ny Alahady hanomboka amin'ny roa ora tolakandro ao amin'ny kianjan' ny Ekar St Joseph Andohalo. Hamelona izany ireo mpilalao tantara amin'ny onjampeo, ahitana an'i Faly, Rakoto, Synèse, miaraka amin'i Niravo sy Antsaravaka. Handrindra antsehatra sy ny lafiny teknika ary ny fanentanana kosa, i Bruno Rakotomalala. Mahatsikaiky, mampihoimehy ary mampalahelo no hanehoan'i Niravo Randria mpanoratra ny fianana andavan' andro sy ny trangam-piarahamonina amin'izao ity tantara "Ny Herivon'ny Vola" ity. Mifamahofaho ao anatin' izany ihany koa ny resapitiavana sy ny tazonkarena ary koa ny fitodihana amin'Andriamanitra". Tanjon' ny Tarika Iray Fy'Art amin'ny fanehoana an-kalamanjana ny tantara an-tsehatra mandeha amin'ny Radio moa ny famelomana indray ny fanaon'ireo zoky be tany aloha izay tsy nisy mpanao intsony taty aoriana. Fa ankoatra izay dia ny fotoana tahaka itony ihany koa no hifanakaikezan'ny mpiangaly tantara sy ny mpankafy. Ankoatra ny tantara moa dia misy ireo hira manasongadina ny kolontsaina malagasy hanaingona azy. Ny hetsika tahaka itony moa dia tsy tanteraka raha tsy nisy ny mpanohana ka anisan'ny nitondra ny anjara birikiny tamin'izany ny "Tranombarotra Heriniana". Aorian'ity any Andraikiba Antsirabe ity dia hifamotoana amin'ny mponin' Arivonimamo izy ireo, ny alahady 28 avrily. Hitohy eny Manankasina Fenoarivo izany, ny 5 mey, any Ambohimandroso, ny 20 mey ary eny Lavahintsiny Anosiala, ny 26 mey izao.

Tiaray R

Tarika Kiaka- 38 taona an-tsehatra

# Hira tsy latsaky ny 38 hatolotra ny mpankafy etsy Antsahamanitra



Hanohana ny fampisehoana ataon'i Kiaka karakarain'ny La Mozika ny Airtel Madagasikara sy ny " Trade Union Co Ltd ".

Nampahafantarina ny mpanao gazety omaly tetsy amin'ny foiben'ny Airtel ny endriky ny fampisehoana ataon'ny Tarika Kiaka etsy Antsahamanitra ny Alahady 5 May izao izay hanomboka amin'ny 2 ora sy 38 minitra. Hanamarika ny faha-38 taona nisiany tokoa ry zareo ary nosafidiana manokana mihitsy io daty io satria tamin'io daty io no niakatsehatra voalohany tao Antsahamanitra ny taona. Tonga eto an-teorana hanamarika ny fankalazana ihany koa i Jonny. Araraka izany, ho avy ao Antsahamanitra daholo ry zalahy amin'io fotoana io. Araka ny mahazatra dia i Nini no eo amin'ny feo, Johnny sy Deba, amin'ny gitara (guitare solo 1 sy 2), Joce amin'ny gitara beso, Daddi, amin'ny vata maro afitsoka ary Jojo handritsoka ny amponga maro anaka. « *Somary nisy fanovana kely ny hira noho ny fiovana kely nisy teo amin'ny tarika. Nentina nitondrana vokatra tsara ho an'ny mpankafy anefa izany rehetra izany* », hoy i Deba. Notsindrian'i Jonny ihany koa fa « *Fitiavana ny Rock no nozarainay tamin'ny mpihaino anay nandritra ny 38 taona ka na teo aza ny fivoana kely dia mbola voatazona hatrany ny maha Kiaka an'i Kiaka* ». « *Angovo ny Rock. Miofana toy ny mpilalao baolina kitra izahay alohan'ny lalao. Tokony ho salama tsara foana ianao* » hoy Nini.

**Hira tsy latsaky ny 38**

Tsy latsaky ny 100 amin'izao fotoana izao ny hiran'ny tarika, ny 38 amin'ireo ihany anefa no hatolotra ny mpankafy amin'ny andron'ny fampisehoana. Eo am-pandaminana azy ireo ry zalahy amin'izao fotoana izao fa ny azo antoka aloha dia ireo hira anisan'ny nahafantarana ny tarika tany amboalohany no entin'izy ireo fa ankoatra izay dia misy ihany koa ny hira vaovao taty aoriana ka anisan'izany "Lasa tiako ianao" sy "Fotoanantsika. Hanome tsirony ny fampisehoana kosa ny fanamafisam-peo sy ny haingon-tsehatra ary ny Jiro maroloko. Ny « La Mozika » izay efa matihanina amin'ny fikarakarana lanonana ihany koa no tompo-marika amin'ity fampisehoana ity ka tsy ho latsa-danja amin'ny fampisehoana nisy tao Antsahamanitra no miandry ny mpijery amin'io 5 May io. Tsy misy aloha ny vahiny maro nasaina amin'ity fankalazana tsingerin-taona faha-38 ity afa-tsy i Lija ihany. Hanamarika ny fampisehoana ihany koa ny raki-kira anatina Usb sy tonton-kira maro noraiketina anaty taratasy « Depliant » izay azo jifaina amin'ny vidiny mirary.

Fa mialoha izany dia hihaona amin'ny mpankafy etsy amin'ny « Karibotel 26 Analakely» ny Tarika Kiaka ny Alahady 28 Avrily izao. Mandritra izany no hitondrany rakikira sy rakitsarin'ny tarika nandritra izay 38 taona niakarana an-tsehatra izay. Azon'ny rehetra atao ny manjifa izany eny an-toerana amin'io fotoana io. Azon'ny rehetra atao ihany koa ny miaraka maka sary amin'ny tarika sy ny rango-pohy Kiaka atao fahatsiarovana. Ary ny rakikira anatina USB ary ireo kojakoja mikasika ny tarika toy ny T-shirt sy satroka.



Tohanan'i Airtel Madagasikara

Manohana ny hetsika moa ny Airtel Madagasikara sy ny « Trade Union Co Ltd ». Ho an'ny Airtel Madagasikara dia tsy vao izao izy ireo no nanohana mpanakanto. Tanjona amin'izany ny fampiroboroana ny kanto sy ny kolontsaina malagasy mba hisy fiantraikany amin'ny fiarahamonina. Nambaran'ny tompon'andraikitry ny serasera eo anivon'ny Airtel Madgasikara fa hitondra ny tolotra mampiavaka ny Airtel Madagasikara ho an'ny mpijery izy ireo mandritra io fampisehoana io. Ny « Trade Union » kosa etsy ankilany amin'ny maha mpikarakara sy manome tolotra amin'ny hetsika maro samihafa dia nanolo-tanana hanohana ity hetsika ity mba hampahomby azy hanaraka ny tolotra tadiavin'ny mpanjifa.

Tiaray R

Tsaroako ilay"...

Michel Good Guy (rugby)

# Telo andro vao tonga tany Morondava fa simba ny fiara nitondra azy

*Jean Michel no tena anarany, fa very tao anatin'ny anaram-bositra Michel Good Guy tao anatin'ny rugby. Efa 30 taona mahery nanaovana rugby izy, nianatra tamin'ny sekolin'ny rugby mihitsy hatramin'ny fahazazany ary mbola ao anatin'izany taranja izany hatramin'izao 53 taona mahery izao. Efa manana mariboninahitra "Chevalier de l'Ordre National Malagasy". Amin'izao fotoana, anatin'ny lisitr'i Randy Donny amin'ny fifidianana depiote Ragody. Hitantara ny fahatsiarovany izy anio :*

**Voatoraky ny vato dia vaky ny loha**

Teny Andranomanalina Isotry ny tany nahabe an' i Michel Good Guy ary mbola honenany hatramin'izao. Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika azy tamin'ny fahazaza ny filalaovana polisy-volera toy ny zazalahy kely tamin'izany. Fa teo amin'ny lalao « épée-épée » ireny kosa no tena nanamarika ny lalao fanaony fahazaza (14 taona teo ho eo). Efatra mirahalahy izy no iray tampo, no nanafika efatra mirahalahy mpiray tampo samy mpiray tanàna. Ny an'iretsy notafihan'izy ireo « épée » vy no ampiasainy ; fa ny azy 4 mirahalahy kosa « épée » vita amin'ny bararata. Resin'izy efatra mirahalahy anefa ireo nanana « épée » vy ka lasan'izy ireo ny fitaovana vy nampiasainy. Rehefa niverina hody tany antranony izy efa-dahy no nenjehin'ireo bandy kely notafihany dia notorahany vato. Michel Good Guy no taty amin'ny farany, ka voan'ny vato ka vaky ra ny lohany. No ho ny tahotra ny ray aman-dreny dia nafenina azy ireo ilay ratra, ka sitrana teny ihany. Amin'ny maha lalaon'ankizy azy, samy vita eny iny fa mitohy miara-milalao eny ihany ary tsy misy manao am-po fa mifankatia ihany hatramin'izao. Lasa fihomehezana ny tantara taty aoriana.

**Mipetraka any aoriana rehefa mianatra**

Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika azy tany am-pianarana indray. Fony izy manodidina ny 10 na 11 taona teo ho eo. Kilasy T4 tao amin'ny Epp Ambodinisotry izy ireo tamin'izany. Telo mirahalahy izy ireo no tena mpinamana : Jakota, Charlie ary Michel Good Guy. Ilay hoe Jakota no mpanao ny devoaran'izy ireo rehefa misy enti-mody tamin'izany. « *Amin'ny maraina izahay mandika ny devoara vitan'i Jakota amin'ny alina. Rehefa mody fanina fa tsy mety manao ilay devoara i Jakota dia tsy mahavita devoara ihany koa izahay. Indraindray rehefa tsy te hanome devoara anay ilay zalahy io, dia mody mipetraka eny anoloana ilay namanay io. Izahay telo lahy any amin'ny faran'ny dabilio anefa no fipetrahanay* », hoy izy.

**Tompondakan'i Madagasikara matetika**

Mbola kely i Ragody dia efa nilalao baolina kitra. Nianatra tamin'ny sekolin'ny baolina lavalava teo Isotry mihitsy. Mbola nisy vazaha niantoka ny sekolin'ny baolina lavalava tamin'izany teny an-toerana. Mbola tao anatin'io sekoly io Michel Good Guy dia efa mpandresy hatrany ny ekipany. Niditra tamin'ny klioba maromaro izy ary izay ekipa nisy azy tamin'ny fotoan'androny nahazo tompondakan'i Madagasikara, anisan'izany ny tao amin'ny Cosfap. Fa anisan'ny nanamarika azy tao anatin'io sekolin'ny baolina kitra io ny fampianarana teny frantsay ny mpilalao baolina. Sylvia no anaran'ny mpampianatra teny frantsay azy ireo tamin'izany tamin'ny alalan'ilay hoe « coopération française ».

Ankoatra ireo anisan'ny nanamarika azy tamin'ny fiainany ny nahazoany ny mariboninahitra « Chevalier de l'ordre National ».

**Telo andro vao tonga tany Morondava**

Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika azy teo amin'ny tontolon'ny rugby ny zavatra niainany tamin'ny taon-dasa. Nandeha tany Morondava tamin'ny herintaona ny ekipan'ny rugby izay misy azy amin'izao fotoana izao. Vao niainga teto Antananarivo dia efa nisy olana ilay fiara nitondra azy ireo. Misy fotoana manamboatra, misy fotoana tsy maintsy mandeha an-tongotra ; ary misy fotoana mijanona ela mihitsy aloha. Naharitra telo andro vao tonga tany Morondava ny fiara. Teo anelanelan'i Miandrivazo sy Morondava no tena nanondrana satria roa andro vao vita ilay fiara tamin'izany. Dia mitovy amin'izay ihany koa ny zava-nisy tamin'ny niverina. Tsy andrin'i Michel Good Guy intsony ka niala izy rehefa akaiky an'Antananarivo satria maika hamonjy ny asa maraina.

**Nangonin'i Fy**










## PETITES ANNONCES Gazetiko


### MIVIDY

* Lamba, kojan-dakozia, , kiraro, machine, kahier, bisikileta, debara. Mam SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-10)

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 793/20-15)

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 802/15-8)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-3)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA803/20-8)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 807/6-2)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 807/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 807/6-2)

### FAMPIANARANA


* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme » Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-10)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 806/6-2)

Foulpointe

# Nihinana vovo-javatra, olona 2 namoy ny ainy, 6 tsaboina





Ireo narary !

Trange fanapoizinana aratsakafo niseho tao amin'ny fokontany Andranomadio Kaominina Foulpointe, distrikan'i Toamasina II. Olona 2 no namoy ny ainy ary 6 no mbola tsaboina any amin'ny hopitaly. Raha ny fanazavana dia vovon-javatra voalaza fa sira no nohanin' ireo olona ireo.Ny anankiray namoy ny ainy teo no ho eo ary ny iray hafa mbola nentina teny amin'ny hopitaly saingy tsy tana ihany koa. Lehilahy iray no nahita zerikanina misarona manga ary tao anatin'io nisy zavatra miloko fotsy, izay noheverina fa ho sira. Nizara tamin'ireo mpiara-monina taminy ity farany ka betsaka noho izany ireo nampiasa io zavatra io ho fanasina. Izany hoe nafangaro sakafo tao an-trano, ny an'ny sasany natao tao anaty laoka. Afakomaly alakamisy tokony ho tamin'ny 7 ora hariva dia naharay antso avy amin'ny lehiben'ny CSB-II, Foulpointe fa misy olona roa antitra mpivady izay tsy salama ka tsaboina. Nandritry ny fanazavana no nahalalana fa avy amin'ny fampiasana ilay heverina fa sira no nahatonga azy ireo marary.

**Fikarohana**

Tsy naharitra ela moa ilay rangahy fa tonga dia maty, raha mbola tsaboina kosa ilay ramatoa vadiny. Nokarohina haingana ilay lehilahy fototr'io zavatra io ary nasaina nilaza ireo rehetra nomeny an'io zavatra io. Nandritry ny fikarohana an' ireo izay nandray an'io zavatra io nahitana lehilahy anankiray izay efa mitsirara eo amin'ny gorodona ka voatery nosokafana ankeriny ny tranony saingy efa vatana mangatsiaka no hita. Ity lehilahy ity dia sahabo eo amin'ny 40 taona eo ho eo ary mipetra-drery. Hatreto dia mbola tsy fantatra io vovonjavatra io. Mbola mitohy ny fikaroham-baovao.

**Deyland**

Nalefa eny Tsiafahy

# Lehilahy nisandoka ho kaomisera nilaza ho mahatafiditra ho mpiasam-panjakana

Lehilahy iray nisandoka ho kaomisera no nidoboka amponja vonjimaika eny Tsiafahy taorian'ny niakarany fampanoavana teny Anosy ny alatsinainy lasa teo. Ny 9 aprily lasa teo izy no tratehaky ny polisy avy ao amin'ny sampana heloka bevava eny Anosy ao amin'ny sakelika fahaefatra tany Toamasina taorian'ny fikarohana azy. Misandoka andraikitra ity lehilahy ity afahafany manao ny asa ratsiny amin'ny fisolokiana. Mitonona ho "commissaire divisionnaire de police" amin'ny olona tiany hokendrena hosolokiana izy ary



Ilay lehilahy nisandoka andraikitra.

milaza fa mahatafiditra olona hiditra ho mpiasam-panjakana. Dia miteny ihany koa izy fa mahavita mandamina olona eny anivon'ny polisim-pirenena. Maro no resy lahatra ka roboka tamin'izany. Tsy nisy akory anefa ilay asa nampanantenainy ka taty aoriana dia mahatsiaro tena ho voasoloky ireo lasibatra ka nitondra ny raharaha eo anivon'ny manampahefana.

**Basy kilalao**

Manoloana ity asa ratsy ity dia fantatra fa maro no efa voafitak'ilay lehilahy. Tonga nametraka fitoriana teny amin'ny polisin'ny BC araka izany izy ireo ka raha vao nahafantatra izany ny polisy dia nanomboka avy hatrany ny famotorana. Dia napetraka ihany koa ny velapandrika nahafahana nisambotra ity lehilahy ity ka io tratra tany Toamasina io izy. Tamin'ny fisavana natao azy nandritra ny fisamborana dia nahitana basy kilalao iray teny aminy. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisin'ny BC izy avy eo notanana sy natao famotorana. Rehefa vita ny famotorana azy teo anivon'ny mpitandro filaminana dia nentina teny amin'ny fampanoavana ny raharaha ka dia io izy naiditra am-ponja vonjimaika eny Tsiafahy io mandra-pahatonga ny fotoam-pitsarana azy.

**T.H**

Beroroha

# Trano 7 nodoran'ny Dinabe, nakana 12 tapitrisa Ar ny mponina

Noho ny raharaha vono olona no voalaza fa Antony fandoroana trano tao amin'ny fokontany Andoharano kaominina Andialova disitrikan'Ihosy, faritra atsimo Andrefana. Tranga niseho ny alakamisy teo tokony tamin'ny 8 ora sy sasany alina. Araka ny angom-baovao azonay dia trano 7 tamin'ireo 13 tao amin'io tanàna io no may ny afo. Andian-dehilahy 15 lahy. Izany dinabe avy Beroroha izay voalaza etsy ambony. Ny antony nisian'ny hain-trano dia nisy olona iray mipetraka amin'io tanàna may io, izay efa narian'ny fianakaviany noho ny toetra ratsy fanaony. Nataon'ireo sesitany tany Beroroha mihitsy io ary mbola nahafaty olona tany an-toerana ihany koa. Tezitra ny Dinabe araka izany dia namonjy ny toerana niavian'io olona namono io. Rehefa tonga tao amin'io fokontany io ny Dinabe dia nisy ramatoa sy lehilahy iray no tratran'izy ireo. Nentin'izy ireo tany amin'ny toerana misy Tanàna Kely iray tsy lavitra eo ireo ka notereny handoa vola 12 tapitrisa. Voatery nanome ireo satria norahonana ho vonoina. Fantatra ihany koa fa nivantana teny amin'ny filohamponkotany ireo Dina ireo ary rehefa nahita fa tsy nisy teo amin'ilay tanàna ny olona dia tezitra ry zareo ka izao nodorany izao ny trano. Noentiny ihany koa ny entana izay azony nentina toy ny akoho amam-borona. Nandositra nivoaka ny distrikan'i Ihosy ireo mpiray Dinabe any Beroroha ireo ny alina io ihany ary mbola mitohy ny fikarohana. Efa miatrana any an-toerana kosa ireo tomponandraikitra avy amin'ny mpitandro ny Filaminana. Andrasana ny tohiny.

**Deyland**

Antsirabe

# Mpirahalahy niara-namaky trano

Roa lahy izay mpirahalahy no niaraka voasambotry ny polisy noho ny resaka vaky trano izay niseho tany Antsirabe. Tokantrano iray mantsy no niharan'ny asa ratsy tany Antsirabe avaratra ny 5 aprily lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora maraina. Nanao izay fomba nidirana amboletra tany amin'ity trano ity ireo olon-dratsy ka nandroba izay entana mora nobataina tiany nalaina tao toy ny fahitalavitra, console PS4. Ary lasan-dry zalahy hatramin'ny kiraro tao amin'ilay trano. Lasa izy ireo nitsoaka avy eo. Raha vao nahafantatra ny zava-nitranga kosa ny tompon-trano dia nandeha nanatona ny biraon'ny polisy avy hatrany nitantara ny zava-niseho sy nametraka fitoriana. Nanomboka teo ny famotorana sy fikarohana ny olon-dratsy ka roa lahy no voasambotra. Nandritra ny fisavana dia tratra tany amin-dry zalahy ireo entana very ka efa tafaverina any amin'ny tompony avokoa. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana izy roa lahy ireo taorian'ny fisamborana.

**Hafa koa**

Fa mikasika resaka vaky trano izay ihany dia roalahy hafa ihany koa no voasambotry ny polisy noho ny resaka vaky trano niseho tany Amboronomby sy ny manodidina. Araka ny fantatra dia vilany dimy sy finday iray no lasan-dry zalahy tamin'izany. Rehefa nandeha ny fikarohana dia ireo tratra ireo izy roa lahy ireo ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy notanana sy natao famotorana tany. Taorian'ny fakana am-bavany teo anivon'ny mpitandro filaminana natao azy efa-dahy voasambotra ireo dia efa natolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Tsiroanomandidy

# Ankizilahikely 3 taona maty latsaka tao anaty lavadrano



**Ilay lava-drano nahafaty ilay zaza!**

*Nilalao teo an-tokontany niaraka tamin'ny namany izy ity no latsaka tao anatin'ilay lava-drano.*

Hatairana ny an'ny iray tanàna raha nandre ny nanjo ity zazalahikely vao telo taona monja ity. Raha nilalao niaraka tamin'ny namany mantsy izy ny Alakamisy maraina teo tao Andrefan'i Gara ao Tsiroanomandidy no latsaka tao anatin'ilay lava-drano. Nikoropaka ireo namany raha tsy nahita azy tampoka teo. Nantsoina fa tsy nisy namaly. Teo vao gaga ny mpiara-monina hoe nankaiza teo fotsiny ilay zaza. Natao ny fikarohana rehetra ka tao anaty lava-drano no hita ny fatiny. Raha ny fanazavàna azo dia lava-drano efa tsy nisy nampiasa intsony izy io saingy tsy nisarona. Voalaza fa efa nataon'ny olona fanariana fako aza ilay izy. Sendra ny tsy nampoiziny anefa ity zazakely ity, izay mety ho nihazakazaka ka tonga dia latsaka tao anatin'ilay lava-drano. Niezaka namonjy azy ihany ny olona saingy efa sempotra tao anatin'ilay lavaka izy ka tsy tana ny ainy.

**Mila mailo**

Vetivety dia vory ny mpiara-monina nanoloana ity tranga nampahonena loatra ity. Tsy hitan'ny Ray aman-dRenin' ilay zaza intsony moa izay natao fa dia nigogogo nitomany sisa. Ireo mpiara-monina indray aza no lasa nifanome tsiny tamin'ny zava-nitranga satria tokony ho nosaronana ilay lava-drano na efa tsy nampiasaina intsony aza. Tao indray kosa no nilaza fa tokony arahi-maso foana ny ankizy rehefa milalao. Araka izany dia mila mailo foana amin'ireny ankizy madinika ireny mba hialàna amin'ny loza tampoka toy izao satria tsy fantany akory izay hahafaty azy.

R.C

Talatamaty

# Tovolahy mpitondra taxi-môtô maty voafaokan'ny kamiao



**Ilay zazavavikely maty !**

Lozam-pifamoivoizana roa samy hafa, izay samy namoizana ain'olona no nitranga teny Talatamaty sy Ambohimangakely ny Alakamisy teo. Mpitondra taxi-môtô iray no voafaokan'ny kamiao teny Talatamaty. Maty tsy trà-drano vokatr'izany ilay tovolahy tokony ho dimy amby roapolo taona eo, nitondra ilay taxi-môtô ary nipotsaka hatramin'ny atidohany. Raha ny fanazavàna azo dia niandry olona teo amin'ny sisin-dàlana ilay tovolahy tamin'io no tonga dia nofaohin'ilay kamiao ka io maty tsy trà-drano io. Efa somary maizina rahateo ny andro. Nifamonjen'ny olona ihany ilay tovolahy saingy teo noho eo dia tapitra ny ainy. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka tonga nijery ny zava-nitranga ny zandary teny an-toerana. Efa mandeha moa ny fanadihadiana amin'izao.

**Hafa koa**

Fa mikasika ilay lozam-pifamoivoizana teny Ambohimangakely indray kosa ity ankizivavikely iray tokony ho iraika ambin'ny folo taona no maty voafaokan'ny fiara. Raha ny fanazavàna azo dia avy nianatra hamonjy fodiana ity ankizy ity tamin'io ka nandeha hiampita ny arabe indrindra izy no voafaokan'ny fiara ary maty trà-drano tsy mba nialàna nenina akory. Novonjena nentina tany amin'ny hopitaly ihany izy saingy tsy avotra intsony ny ainy. Efa samy eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana avokoa moa ny mikasika ireo tranga ireo ka mandeha ny fanadihadiana ataon'ny zandary. Ilaina foana ny fitandremana hoan'ny mpampiasa làlana rehetra mba hisorohana ny loza toy izao.

R.C

Ankadinandriana

# Tambajotra mpangalatr'omby efa-dahy voasambotry ny zandary

Taorian'ilay fahatratrarana lehilahy iray voarohirohy tamin'ny halatr'omby tany Alarobia- Ambatomanga, izay notaterina teto omaly dia nitohy hatrany ny fikarohana nataon'ny zandary ireo namany. Vokatr'izany, namany telo lahy ihany koa no voasambotra ny Alakamisy alina. Araka ny fanazavàna azo, fanomezambaovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahatratraran'ny zandary avy ao Masindray ity lehilahy iray tokony ho telo amby telopolo taona tao Ambohinonoka, fokontany Soamonina, kaominina Ankadinandriana- Avaradrano ny Alakamisy teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Voalaza fa nandositra nandritra ny fisavàna nataon'ny zandary ilay fiara fitaterambahoaka nahatratrarana ilay lehilahy voalohany nitondra ireo hena avy nangalariny izy ity. Nisy namany telo lahy niara-tratra taminy tao an-trano ihany koa nandritra ny fisamborana azy. Rehefa natao mantsy ny fisavàna dia mbola nahitàna ody gasy maromaro tamin'izy ireo. Raha tsiahivina fohy ny zava-nitranga dia nisy ombin-tsarety very tany Alarobia-Ambatomanga. Tratra nandritra ny sakana nataon'ny zandary teny Masindray ilay lehilahy iray nitondra hena roa gony.



**Ireo mpangalatr'omby !**



**Ireo ody gasy tratra !**

Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa hena avy amin'ny omby very tany Alarobia-Ambatomanga ireo, izay novonoin-ireo olon-dratsy teny an-dàlana ka taolana sisa hitan'ny tompony.

R.C

Analalava

# Mpampian-trano dahalo matin'ny zandary

Manoloana ny firongatry ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny tapany atsimon'ny kaominina Analalava dia niaranientana ireo tomponandraikitry ny fitandroana ny filaminana any an-toerana sy ireo Olobe niaraka tamin'ny fokonolona nitady hevitra hamongorona izany. Nahitàmbokany izany satria mpampian-trano dahalo iray lavon'ny mpitandro filaminana, izay fantatra fa avy any amin'ny distrikan'Antsohihy. Nisy moa ny fanentanana nataon'ireo tomponandraikitra tamin'ny mponina amin'ity ady amin'ny tsy fandriampahalemana ity, izay notanterahina tao amin'ny fokontany Marotaoka. Nametrahana poste fixe an'ny zandary ihany koa tao amin'ny fokontany Tsarakoditra, izay hisahana fokontany dimy ao amin'ny kaominina Analalava. Velom-panantenana tanteraka ny mponina any an-toerana amin'izao hetsika ataon'ny mpitandro filaminana izao.

R.C

Fifidianana solombavambahoaka

# Handatsa-bato afaka 40 andro ny vahoaka Malagasy



Mifantoka amin'ny fiatrehana ny fifidianana Solombavambahoaka ny sain'ny mpanara-baovao, indrindra ireo antoko politika manana kandida hifaninana amin'ny 29 mey amin'izao fotoana izao. 40 andro sisa dia hiatrika ny fandatsaham-bato indray ny vahoaka Malagasy. Efa eo am-pijerena ireo pitsopitson-javatra tsy maintsy ilaina amin'ity fifidianana ity ny eo anivon'ny CENI. Efa nilaza raha teo io rafitra mpikirakira fifidianana io fa tsy misy atahorana ireo fitaovana samihafa ho enti-miatrika sy ampiasaina amin'ny andron'ny fandatsaham-bato. Tsy ho ela ihany koa fa afaka tapa-bolana eo ho eo no hisokatra amin'ny fomba ofisialy ny fampielezan-kevitra ho an'ireo kandida mpifaninana, manerana ny Distrika 120. Raha ny zava-misy, efa samy manao izay ho afany amin'ny fanaovana fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana ireo kandidà amin'izao fotoana izao. Mirongatra be izany any anaty tambajotran-tserasera ary tena ifaninana mihitsy ny manao fampahafantaran'ny kandidà ny tenany. Tsikaritra ihany koa fa mafy izany te hahazo toerana sy seza eny amin'ny Antenimieram-pirenena izany. Olona tsy zatra mifampitakosina amin'ny vahoaka no hita tampoka midina maka ny fon'ny vahoaka mba hifidy azy ary raha ny zava-misy dia efa tsy fidiny ho an'ny sasany ny manao izany saingy noho ilay eny Tsimbazaza dia voatery.

**Henjana ny fifaninanana**

Mbola afaka manararaotra tsara amin'izay fangalarana « depart » izay aloha ny kandida tsirairay avy, satria tsy misy lalana mifehy ny mahakasika an'io mandrapahatongan'ny datin'ny 06 mey hanatanterahana ny fampielezan-kevitra tena izy. Efa mipetrapetraka avokoa ny fandaharam-potoanan'ny CENI ny amin'ny fiatrehana io fifidianana solombavambahoaka io. Efa nisy karazana fampitandremana ihany nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny amin'ny fampielezan-kevitra lasa aloha loatra nataon'ireo kandida sasany izay efa tena hita fa nanao fampielezan-kevitra mihitsy aza saingy tsy nisy ny fandraisana fepetra manokana. Raha ny fahitana ny fihetsiketsehana ataon'ireo kandida nandritra izay fotoana nanaovan'izy ireo ny fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana izao dia ahiana no henjana ny fifaninanana amin'ny fandresen-dahatra ny vahoaka mpifidy manomboka amin'ny alatsinainy izao. Na izany aza dia heverina fa hanara-maso akaiky ny fizotran'ny fampielezan-kevitra ny Kaomisiona misahana ny fifidianana sy ireo firarahamonim-pirenena misehatra amin'izany.

**Mamy R.**

Governemanta Ntsay Christian

# Mandray ny asany avy hatrany ireo minisitra mpisolo toerana




Vita omaly ny fifamindram-pahefana teo amin'ny Minisitry ny Atitany teo aloha, Justin Tokely sy Ing. Naina Andriantsitohaina, minisitra mpisolo toerana.

24 ora aty aorian'ilay didim-panjakana laharana faha-2024-959 tamin'ny 17 Aprily 2024, izay manova ny andininy sasany amin'ny Didim-panjakana laharana faha 2024-020 tamin'ny 14 janoary 2024 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta, manomboka mandray ny asany ireo minisitra mpisolo toerana handimby ireo minisitra 7 nilatsaka ho fifidianana solombavambahoaka. Isan'izany ny eo anivon'ny minisiteran'ny Atitany satria tao aorian'ny filankevitry ny Governemanta ny talata lasa teo izay nanendry ny Minisitra ny fitsinjaram-pahefana sy fanajariana ny tany Naina Andriantsitohaina ho mpisolo toerana vonjy maika an'Atoa Minisitry ny Atitany Justin Tokely dia tanteraka omaly ny fifamindram-pitantanana teo amin'ny roa tonta. Raha tsiahivina, nomarihan'ilay didim-panjakana nanendrena ireo minisitra mpisolo toerana ireo fa hanao ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny departemanta nanendrena azy isanisany avy ireo minisitra mpisolo toerana ireo manomboka izao. Ireto avy izany minisitra mpisolo toeana izany : Ny Minisitry ny Rano sy ny fahadiovana ary ny fidiovana, Ravokatra Fidiniavo kosa no hitana ny toeran'ny Dr Razafiarison Andriamanantena ministiry ny Fampanarana Ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Ny Ministiry ny Fahasalamam-bahoaka, Andriamanantany Zely Arivelo, no hisolo ny toeran'ny ministiry ny fanabeazam-pirenena hisolo an'ny Marie Michèle Sahondrarimalala, lasa kandidà any amin'ny distrikan'i Fianarantsoa I.

**Kandidan'ny mpomba ny fitondrana**

Naina Andriantsitohaina, izay Ministiry ny Fitsinjaram-pahefana sy fanajariana ny tany no hisolo ny toeran'ny minisitry ny Atitany Tokely Justin, izay kandidà any amin'ny distrikan'i Sambava. Ministiry ny Asa sy ny asam-panjakana, Razakaboana Hanitra Fitiavana, no hiandraikitra ny minisiteran'ny fampianarana teknika, hisolo ny toeran'ny Lalatiana Rakotondrazafy, kandidà any Faratsiho. Ny Ministiry Raharahambahiny Rasata Rafaravavy Tafika no handray ny toerana vonjimaika an'ny andriamatoa Augustin Andriamananoro, ministiry ny serasera sy ny kolontsaina, izay lasa kandida eny amin'ny Boriborintany voalohany. Ny Ministiry ny Fitsaràna, Landy Mbolatiana Randriamanantenasoa kosa no hisolo toerana an'ny ministiry ny mponina Fomendraza Haingo Elisette, kandidà any amin'ny distrikan'Ambositra. Ny Ministiry ny Fitaterana sy famantarana ny toetrandro andriamatoa Valery Ramonjavelo no handray ny toeran'ny ministiry ny fanatanjahantena Haja André Resampa, kandida any amin'ny distrikan'i Morondava. Marihana fa kandidan'ny mpomba ny fitondrana nilatsaka tamin'ny vovonana IRMAR avokoa ireo minisitra teo aloha handray anjara amin'ny fifidianana solombavambahoaka ireo.

**Mamy R.**

Kandidà Solombavambahoaka

## Nisintaka tsy ho filohan'ny SYNAD i Paolo Raholinarivo

Taorian'ny nivoahan'ny lisitra ofisialy maha kandidà solombavambahoaka an'Atoa Paolo Raholinarivo ao amin'ny boriboritany voalohany dia nisintaka amin'ny andraikitra maha filohan'ny sendikan'ny administratera sivily azy ny lehilahy. Ny Sekretera Jeneraly, Atoa Nicolas Rabenandrasana no mandray vonjimaika izany fahefana notazoniny izany amin'izao. Notsiahivin'Atoa Paolo Raholinarivo, fa ny Lalam-panorenana mihitsy no manery ny administratera sivily hisintaka amin'ny fahefana raha vao mivoaka ofisialy ny maha kandidà azy. Manamafy izany ny didim-panjakana manery ny administratera sivily hiato amin'ny asany. Noraisiny izao fepetra izao mba tsy hisian'ny ahiahy amin'ny mety ho fampiasany ny fahefana eo am-pelatanany ao anatin'izao fotoam-pifidianana izao. Mbola nanamafy ihany koa moa ity farany, fa hametrapialana amin'ny maha Tale misahana ny fitantanana ny Loza sy ny Tandindon-doza eo anivon'ny BNGRC amin'ny herinandro ambony. Araka izany dia vonona tanteraka ny lehilahy hiroso amin'ny fifidianana madio sy mangarahara. Araka ny lalàna hatrany dia afaka miverina manatanteraka ny asany avy hatrany ny administratera sivily iray raha toa ka tsy lany amin'ny fididianana na nahavita ny fe-potoampiasany amin'ny maha-solombavambahoaka azy..

**Niry R.**

Ady amin'ny fahantrana

## Nikaondoha tatsy Maorisy ny Vondron'ny Antenimieran'ireo firenena miteny frantsay

Nifarana omaly ny fivoriambe andiany faha-15-n'ireo Filohan'ny Antenimiera sy Seksiona aty Afrika mivondrona ao amin'ny Vondron'ny Antenimieran'ireo firenena miteny manontolo na ampahany ny teny frantsay. Isan'ny nandray anjara misolo tena ny Parlemanta malagasy tamin'izany ny Filohan'ny Antenimierandoholon'i Madagasikara Richard Ravalomanana sy ny loholon'i Madagasikara Andrianandrasana Hajaniaina Tahina. Araka ny loharanom-baovao avy eny amin'io Andrimpanjakana faharoa eto Madagasikara io dia nahafahana nanamafy ny diplomasia parlemantera sy ny fifandraisana amin'ireo firenena hafa, izay isan'ny ezaka imasoan'ny Antenimierandoholon'i Madagasikara izany fivoriambe izany. Araka io loharanom-baovao io hatrany, notanterahina nandritra izany ny mahakasika ny anjara andraikitry ny parlemantera mahakasika ireo laharam-pahamehana aty Afrika sy ireo fanamby samihafa tsy maintsy atrehin'izao tontolo izao ankehitriny. Anisan'izany ny mahakasika ireo Fitondrana tetezamita aty amin'ny firenena afrikanina sasantsasany miteny frantsay, ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny ady amin'ny fahantrana, ny fampiharana ny miralenta ary ny toeran'ny teny frantsay eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Dia ho hita eo izay ho vokatr'izao fivoriana misesisesy any ivelany itadiavam-bahaolana ho an'ny fahantrana eto Madagasikara izao.

**Mamy R.**



Ireo delegasiona avy eo anivon'ny Antenimierandoholona nandray anjara tamin'izany.

## Marina izany !

### Miharatsy ny tany !

**Arakaraky ny androsoan'ny fotoana ka iandrandrana filaminana no toa vao mainka tsikaritra ho mirongatra ny tsy fandriampahalemana eto amintsika. Ary tsy anavahana izany na an-tanan-dehibe na ambanivohitra, na andro na alina. Ny eto an-drenivohitra manokana dia tsy misy andro tsy andrenesana asan-jiolahy, manomboka amin'ny sinto-mahery sy ny hala-botry, mitohy amin'ny sinto-mahery sy fanendahana mampiasa fitaovam-piadiana. Tato anatin'ny herinandro vitsivitsy izao dia ny môtô no tena lasibatra. Tsy vitan'ny mirongatra ny asan-jiolahy fa miharatsy ny endrika isehoany. Antony, tsy vitan'ny mangalatra ny jiolahy fa mamono amin'ny fomba feno habibiana. Raha ny mateti-pitranga tato ho ato aza dia ny samy ao anaty fianakaviana no mifamono. Na ny ray mamono zanaka na mamono vady, na ny mpirahalahy mifamono, na ny vinanto mamono rafozana. Tsy resahina intsony ny fahaverezan'olona, tsy mbola nahazoana fanazavana mazava na ny antony na ny ao amabdik'izy ireny. Manginy fotsiny ny firongatry ny fakàna an-keriny any Anjozorobe izay mampametra-panontaniana ny amin'ny hoe: Nahoana no tsy ahitam-bahaolana nefa efa andro maromaro no mitalaho ny mba hanafahana azy ireo, ao anatin'ny fitaintainana sy ny tahotra ny mponina any an-toerana. Ny endrika isehoan'ny tsy fandriampahalemana, tato anatin'ny taona maromaro izay tsy vitan'ny sakana amin'ny fanatanterahan'ny olompirenena araka ny tokony ho izy ny asa fivelomany fa ahatarafana ny fiovan'ny toe-tsain'ny mpiray tanindrazana tsy mitandro sy mametraka ho ambony intsony ny aina. Ny mpitandro filaminana rahateo tsy fantatra hoe midika inona ny fahanginany !**

Voahangy Rakotozafy

Minisiteran'ny fitsarana

## Natolotra ny fonja vaovao any Fenoarivo Atsinanana, mahazaka voafonja 900



**Ny fonja vaovao any Fenoarivo Atsinanana**

Delegasiöna mafonja, nahitana ny Filoham-pirenena, ny Praiminisitra ary ny minisitry ny Fitsarana sady mpitahiry ny fitombon-kasem-panjakana, Rtoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana no nanome voninahitra ny lanonana, nanolorana amin'ny fomba ôfisialy ny fonja any Fenoarivo Atsinanana, omaly. Foto-drafitr'asa voalaza fa mahazaka voafonja hatramin'ny 900, raha 80 no tafiditra amin'ny fonja teo aloha, any Ampasipotsy. Arakan y loharanom-baovao avy amin'ny minisitera mpiahy dia malalaka tsara ny toerana ary misy faritra natokana ho an'ny lehilahy, sy faritra hafa natokana ho an'ny vehivavy. Fonja ahitana ihany koa toerana ahafahana mianatra sy toerampiofanana, efitra manokana fitsaboana sy efitra hafa fitehirizana fanafody ary toerana ahafahana mahandro sakafo. Hita ao anatin'io foto-drfitr'asa io ihany koa ny biraon'ny mpitantana sy ny mpandraharahan'ny fonja sy ny toerana manokana iasan'ny mpiabina ny fonja, ankoatry ny toerampivoahana mendrika. Ny fanorenana fonja manara-penitra izay notsiahivin'ny minisitry ny fitsarana fa fanamby napetraky ny filoham-pirenena.

V.R.

Fanadihadiana ny fitantanana ny Jirama

# Asa miandry ny depiote vaovao ny fanokafana "enquête parlementaire"






**Ny trano fiasan'ny Jirama - Ny Antenimierampirenena (Sary tahiry )**

Araka ny voasoratra ao amin'ny andininy faha-102 n' ny lalampanorenana, teboka voalohany dia fomba telo no ahafahan'ny solombavambahoaka mifampiresaka amin'ny mpanatanteraka, mahakasika ny fitantanana ny firenena. Voalohany, amin'ny alàlan'ny fifanatrehana am-bava (question orale) amalian'ny mpikambana ao amin'ny governemanta ny fanontaniana mahakasika ny olana sedrain'ny distrika nahalany ny solombavambahoaka. Faharoa, amin'ny alàlan'ny taratasy mirakitra ny fanontaniana na ny hetahetan'ny olomboafidy ka avantana amin' ny minisitra voakasika. Fahatelo, ny fiantsoana ny mpikambana ao amin'ny governemanta (interpellation) amin'ny fotoana ilàna izany. Ary ny fahefatra dia ny fanaovana fanadihadiana (enquête parlementaire) mahakasika ny fitantanana mampiahiahy. Io teboka farany io izay heverina fa tokony hataon'ny solombavambahoaka, mba ahafantarana hoe inona marina no zava-mitranga ao amin'ny Jirama ka mahatonga io orinasam-panjakana io tsy mitsahatry ny mitontongana. Ary dia io miantraika amin'ny mpanjifa io ny delestazy sy ny fahatapahan-drano maharitra amin'ny toerana maro. Ny dikany, asa miandry ny depiote vaovao ho lany eo ny fanokafana kômisiôna manokana, hisahana izany fanadihadiana izany.

**Vahiny no hanarina azy !**

Tsiahivina fa ny tenan'ny filoham-pirenena mihitsy no nilaza, nandritra ny fandalovan'ny governemanta tany Toamasina fa mampidi-bola maro isan'andro ny orinasa Jirama, saingy tsy voaloa ara-potoana ny volan'ny mpamatsy solika. Ny dikany, mampiahiahy ny mety hisian' ny fitantanana tsy mazava ao amin'io orinasam-panjakana io. Mbola ny filoham-pirenena ihany koa no nampahafantatra voalohany ny vaovao, tany Toamasina fa tsy nahavaha olana ny mpitantana Malagasy nifandimby tao amin'ny Jirama. Noho izany, teratany vahiny izay manana traikefa amin'izany no hanankinana ny fanarenana io orinasa io. Ary tsy hiandry ela fa amin'ny volana mey ho avy izao dia hanomboka ny asa. Vaovao izay nanaitra ny olom-pirenena maro, indrindra ny mpikirakira tambajotra sôsialy izay samy nanana ny fomba nandraisany izany. Ho an'ny mpiasan'ny Jirama manokana, sendra tafaresaka tamin'ny mpanao gazety dia toy ny mpanara-baovao rehetra, teny amin'ny "facebook" ihany koa no nahafantaran'izy ireo ny fanovàna. Taorian'izay, araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia samy mametra-panontaniana eny an-jorony eny ny mpiasa ny amin'ny hoe: Inona no hitranga rehefa tafapetraka amin'ny toerany ilay teratany vahiny hanarina ny orinasa. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa olona 4 niasa mivantana na ankolaka tao amin'ny Jirama no efa nampidirina amponja. Andrasana izay ho tohin'ny raharaha.

V.R.


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

CUA - Haban-tsena

# Nampiakatra ny raharaha any amin'ny Filankevi-panjakana

Tsy mihemotra amin'ny fanapahan-keviny ny Delegasiônina manokan'ny tanànan'Antananarivo. Voapetraka omaly teo anivon'ny Filankevi-panjakana ny fampiakarana ny raharaha mikasika ny didy navoakan'ny "Tribunal administratif" manafoana ilay naoty navoakan'ny kaominina momba ny famerenana ny fitakiana ny haban-tsena mivantana eo anivon'ny kaominina. Araka ny fanazavan'ny tale misahana ny lalàna sy ny raharahampitsarana eo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Raherinirina Eric, dia miato avy hatrany ny vokatr'io didim-pitsarana nivoaka io rehefa tafapetraka ny ny fampiakarana ny raharaha. Mbola manankery araka izany hoy ity farany ilay naoty navoakan'ny kaominina amin'ilay fitakiana "Ticket" sy "Fiche d'abonnement" amin'ireo mpivarotra. Tamin'ny afakomaly alakamisy kosa vao naharay ny didy avy tamin' ny tribonaly mikasika ny fanafoanana ity naoty ity ny kaominina raha efa nisy herinandro no nivoahany.







Samy miaro ny tombontsoany na ireo mpiasa na ireo samy mpivarotra.

**Savorovoro**

Tao anatin'izay herinandro izay anefa dia raikitra ny savorovoro teo anivon'ny kaominina. Nanao fanambarana ireo mpanolontsaina monisipaly nitory ny kaominina fa tokony mitsahatra avy hatrany ny fitakiana haba mivantana ataon'ny kaominina. Ny teo anivon'ny kaominina kosa nanamafy fa mitohy ny fitakiana ny haban-tsena mivantana mandra-pahavoaray ny didy eo ampelatanany. Nihetsika koa ireo mpiasan'ny kaominina tamin'ny alàlan'ireo sendika roa, dia ny SMKAR sy ny SACUA, fa ny famerenana ny fitakiana ny haban-tsena amin'ny kaominina no antoka hahafahana mampandeha ara-dalàna ny raharaha eo anivon'ny kaominina toy ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa, ny fanesorana ny fako, sns. Nisy fikambanana mpivarotra nanohana ity hetsika nataon'ny mpiasan'ny kaominina ity, ary nanamafy fa tsy mankasitraka ny fampiasana ilay karatra nomerika napetraky ny mpitantana teo aloha amin'ny fandoavana ny haban-tsena. Fotoana fohy taorian'izany anefa dia nanao hetsika fitokonana teny amin'ny Fasan'ny Karàna ireo mpivarotra manohitra ny famerenana ny fitakiana ny haban-tsena ataon'ny kaominina. Andrasana ny ho tohin'ity raharaha ity. **R. Muray**

Diana sy Sava

# Mikorontana ny famatsiana solika

Manano sarotra ny famatsiana solika any amin'ny faritra Diana sy Sava taorian'ny fanadalovan'ily rivodoza Gamane. Ho an'ny faritra Diana dia amin'ny alàlan'ny sambo avy any Mahajanga no entina hamatsiana ny toby fitehirizantsolika ao Antsahampano mba hisorohana ny mety ho tsy fahampian-tsolika ao Ambanja sy ny manodidina. Tokony kamiao avy any Vohémar sy Antsiranana no mamatsy solika ny ao Antsahampano. Noho ny fahasimbana ampahandalana maro amin'ny lalampirenena fahenina (RN 6) anefa dia mbola sarotra ny fitaterana solika an-tanety avy any Antsohihy mankany Antsahampano. Misedra olana toy izany koa ny amin'ny faritra Sava. Noho ny fahasimban'ny lalana sy ny tetezan'i Manambery dia mikorontana ny famatsiana solika amin'ny tanàna maro ivelan'i Vohémar. Namaha olana be tany an-toerana ohatra ny fahatongavan'ny sambo nitatitra solika avy any Toamasina nankany Antalaha tamin'ny 10 avrily lasa teo. Noferana ihany koa ny fakana solika ho an'ny tao amin'ny faritra Sava, ankoatra ny tao Vohémar, tamin'ny 11 avrily lasa teo mba hisoroahana ny mety ho fisian'ny fanararaotana. Manomboka amin' ny 21 avrily ho avy izao dia hisy sambo hiantoka ny fitaterana solika miainga ao Vohémar mankany Antalaha.

**R. Muray**



Voahelingelina ny famatsiana solika.

Tetibolam-panjakana

# Tratra ny 97,8 isanjaton'ny fandaniana

Tanteraka tamin'ny ankapobeny ny fitantanambolampanjakana ho an'ny taona 2023. Araka ny hita ao anatin'ny tatitry ny fanatanterahana ny tetibolam-panjakana, izay navoakan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola, dia tratra tany amin'ny 97,8 isanjato ny tanjon'ny fandaniambolam-panjakana ao anatin'ity tetibola ity hatramin'ny telovolana fahefatra farany. Raha mitentina 15 384,2 miliara Ariary ny fandaniana novinavinaina tao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolam-panjakana, taona 2023, dia ny 15 323, 6 miliara Ariary tamin'io no tanteraka. Ny fampiasana ny tetibola tany amin' ireo minisitera sy rafitra isan-karazana no tena ambony indrindra ny tahan' ny fanatanterahana, satria efa nahatratra 99,6 isanjato mihitsy. Tsiahivina fa ny 92,1 isanjaton'ny tanjon'ny fandaniana ankapobe no tratra tamin'ny taona 2022.

**Nihena**

Nifanohitra kosa anefa ny zava-nisy ho an'ny fampidirambolam-panjakana. Nihena ny fahatratrarana ny tanjona raha nampitahaina ny tamin'ny taona 2022. Ny 83,5 isanjaton'ny tanjon'ny fampidirambolam-panjakana tamin'ny alàlan'ny hetra no tratra tamin'ny taona 2023 raha toa ka tratra tany amin'ny 97,4 isanjato izany ho an'ny taona 2022. Tany amin'ny 9 022,30 miliara Ariary no novinavinaina hiditra tao amin'ny kitapombolam-panjakana, saingy ny 7 537,1 miliara Ariary no tanteraka, izay nampidirin'ny Foibempitondrana ankapoben'ny Hetra sy ny Foibem-pitondrana ankapoben'ny Fadintseranana. Tsara ny mampahatsiahy fa tsy nisy ny fanitsiana mahazatra ny lalànan'ny fitantanambolampanjakana ho an'ny taona 2023. Anisan'ny nanamrika iny taona nivalona iny rahateo ny fanatanterahana ny fifidianana Filohampirenena ary ny fandraisana ny lalaon'ny Nosy eto amin' ny Ranomasimbe Indiana, andiany faha-11. **R. Muray**



Mandray anjara mavitrika amin'ny famatsiana ny kitapom-bolam-panjakana ny Fadintseranana.

Samy...

## Mifanamboatra ....toerana !

Ireo mpikambana ao anatiny ihany no natao mpisolo toerana ireo lasa kandidà solombavambahoaka eo anivon'ny rafitra mpanatanteraka. Asa moa raha izao no tonga amin'ilay lazain'ny ohabolana, resaka isika samy isika ihany, vato ambany riana tsy miady fa mifanamboatra toerana ! Dia tena tsy misy tokoa aloha ny ady eo amin'ny mpanatanteraka sy ny mpanao lalàna raha toa ny avy amin'iry voalohany ihany no ho atsy amin'iry faharoa. Tsy mampaninona izany raha toa ka izay tokoa ny hampandeha ny raharaha. Indrindra moa fa eo am-panavaozana, ny marimarina kokoa angaha hiroso amin'ny fifidianana , ny olona ho ao amin'ny rafitra mpanao lalàna isika. Raha izay tokoa mantsy no hiseho, tsy hisy ny fifanoherana eo amin'ny rafitra roa tonta ka handeha amin'ny tokony ho izy ny raharaha. Saingy ao anatin' izany, solontenan'ny vahoaka mitondra ny feony ireo solombavambahoaka ka asa moa raha hifanitsy amin'ny hetahetambahoaka ny zavatra tanterahan'ny mpanatanteraka. Indrindra eo anatrehan'ny zava-misy eto amin'ny firenena tao anatin'ny taona vitsivitsy izao. Hetahetam-bahoaka izao ny hitsaharan'ny fiakaran'ny vidin-javatra sy ny vidimpiainana, ny hiaina ao anatin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana, ny hiasa sy hamokatra ao anatin'ny fitoniana, ny hisitraka rano sy herinaratra tsy ho tapatapaka... raha tsy hilaza afa-tsy ireo fotsiny ihany. Amin'ireo raharaha ireo izay mahakasika indrindra ny fiainambahoaka, toa ho sarotra kosa ny mifanamboatra... toerana !

Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

...isika

Bakalorea 2024 - Kandidà "libre"

# "Izay tsy hisian'ny delestazy sy ny laza adina diso intsony no tokony hijerena vahaolana" hoy i Celin Rakotomalala

*« Ny fandaminana anatiny no tokony hatsaraina mba tsy hiverenan'ny delestazy sy ny laza adina be diso intsony fa tsy fandaminana mila fepetra maro be no aroso. Torak'izay ihany koa ny laza adina mivoaka alohan'ny fotoana sy ny fahataran'ny fandoavana tambin-karaman'ireo mpampianatra mpitsara fanadinana na mpanaramaso."* hoy i Celin Rakotomalala, mpitondra tenin'ny sekoly tsy miankina. Mifarana amin' ny 26 aprily 2024 izao ny fisoratana anarana amin'ny fanadinam-panjakana Bakalorea ary mbola afaka manova zavatra ireo mpianatra. Manao antso avo amin'ny mpitondra fanjakana ny sekoly tsy miankina izay solon'i Celin Rakotomalala tena, mba hanemotra io fanapahakevitra noraisina dia ny hanatanterahina ny fanadinana bakalorea an'ireo kandida libre eny amin'ny renivohiparitany. Zavadoza no hitranga ho an'ilay mpiadina satria raha monina ao Moramanga izy dia voatery lasa mandeha any Toamasina miatrika fanadinana, na ihany koa raha any Antsohihy dia ho any Mahajanga ve sa ho any Antsiranana no hiatrika fanadinana mandritra ny herinandro. Ny andro ririnina, mety tsy hisy olona afaka mandray hivantanana izy ka na ny trano hipetrahana, ny entana tsy maintsy omanina, ny vatsy entina mitombo, ny filaminantsaina ary indrindra ny fikarakarana manokana mandritra ny andron'ny fanadinana tsy maintsy mila olona iray hanaraka.

Ny antsoina hoe kandida "libre" na misoratra amin'ny anaran'ny tenany manokana dia olona iray maniry hiatrika fanadinam-panjakana mety ho malagasy na teratany vahiny mikasa hanana ny bakalorea malagasy izy io. Tsy niatrika fianarana an-dakilasy fa mampiana-tena na manenjka fianarana na "cours" eny anelanelan-trano eny izy ireo. Tsy mitovy amin'ny rehetra fa lafolafo kokoa ny vola aloan'izy ireo rehefa misoratra anarana. Tsy izay ihany no olana araka ny fanazavan'i Celin Rakotomalala, mpitondra tenin'ny plateforme sekoly tsy miankina fa ampanjaka ny kolikoly izany. Mbola misy herinandro ny olona hisoratana anarana ka mety hirohatra any amin'ny sekoly tsy miankina andoa vola fanampiny daholo izy ireo mba ho afaka hisoratra amin'ilay sekoly. Tsy izay ihany anefa fa na ireo sekoly natory sy nikatona aza mety hiverina andray ireo mpianatra ireo, zavadoza izany hoy hatrany izy. *"Mitondra faisana amin'izao fanapahakevitra izao ny sekoly tsy miankina. Fanatsarana no lazaina ho antony kanefa tsy mieritreritra ny filaminan-tsaina izay tokony hiainan'ireo mpianatra mihitsy ny fitondram-panjakana. Lasa misy fanavahana ihany koa ny laza adin'ireo mpiadina misoratra amin'ny anaran'ny tenany manokana ireo ka mety hanimba ny sainy izany."* hoy i Celin Rakotomalala namarana.



Manahy ny hisian'ny kolikoly i Celin Rakotomalala.

**Nath**

Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina

# Afaka mitafa mivantana amin'i Hary Rabary ny rehetra



Hifarana anio ny hetsika Tokotany be izay karakarain'ny minisiteran' ny kolontsaina sy ny serasera.

Tanterahina nanomboka ny 18 aprily ary hifarana anio etsy amin'ny lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina ny hetsika Tokotany Be. Hetsika hifanomezan'ireo mpankafy, mpanoratra ary mpamaky boky fotoana izy io. Mandritra izany fotoana izany, afaka mitafa mivantana amin'i Hary Rabary, izay tsy iza fa iray tamin'ireo niatrika ny famaranana nandritra ny Orange du Livre en Afrique 2024. Hita ao amin'ny tranohevan'ny Orange Solidarité Madagascar izy mandritra ireo fotoana ireo. Tsiahivina fa ny boky Zakoa no tena nahafantarana azy ary izay maniry hahita azy afaka tonga. Mandritra ireo telo andro ireo ihany koa, mampahafantatra ny asany manodidina ny fampahafantarana ny resaka boky sy ny famakiam-boky izay anisan' ny mitana anjara toerana goavana amin'ny asa ataon'ny Orange Solidarité i Orange. Ny vaky boky tokoa mantsy mandray andraikitra sy mitana anjara toerana amin'ny fanabeazana ny tanora sy ny ankizy. Ankoatran'ny maha fialamboly azy, afaka mampianatena amin'ny alàlan'ny vaky boky ny ankizy. Efa taona maro nifandimby ihany koa no nanohana tanora mpanoratra ny Orange satria manan-karena tanora manampahaizana isika.

**Nath**

Lefakozatra

# 380 ny tranga voatily tao anatin'ny 4 taona

Tao anatin'ny efa-taona, izany hoe nanomboka tamin' ny 2020 hatramin'izao, nisy trangana lefakozatra vaovao 380 voatily teto Madagasikara. Notiliana tamin'ny olona sy ny rano maloto mandeha manerana ny renivohi-paritany enina teo aloha miampy an'Antsirabe izany. Nanomboka tamin'ny volana janoary 2024 hatramin'izao kosa, 160 ny tranga hita fa tsy mbola voamarina kosa hoe miabo avokoa ireo olona hita ireo. hoy ny Dr Ratsarahajarizafy Incident Manager polio eto Madagasikara. Anton'izany tsy fahitana tranga miabo izany, nisy ny hetsika fanentanana sy fanaovam-baksiny miaro amin'ny polio natao isan-taona. Amin'ity taona 2024 ity, misy telo eo ny hetsika kasaina ho tanterahina fa miankina amin'ny mpamatsy vola ihany anefa izany. Lafo mantsy ny fanatanterahina azy ireo, torak'izay ihany koa ny vidin'ny vaksiny saingy mbola lafo lavitra ny vidin'ny fitsaboana ary ny tena olana mora miparitaka ny lefakozatra. Raha any ampotony, 900Ar ny vidin'ny vaksiny indray mitete miaro amin'ny lefakozatra raha 14 400 Ar ny daozin'ny vaksiny iray atsindrona kanefa antapitrisa ny zaza mila atao vaksiny izay omen'ny fitondram-panjakana sy ireo mpiara-miasa maimaimpoana.

### Zaza 12 851 149 atao vaksiny

Nidina ny tahan'ny zaza vita vaksiny andavan'andro teto amintsika ka anisan'ny anton'izany taorian'ireny covid-19 ireny nisy fiatoana ny fanaovana vaksiny teny amin'ny tobim-pahasalamana sy ny tolotra fahasalamana izay nifantoka bebe kokoa tamin'ny covid-19. Nezahina naparitaka ihany koa ny vaksiny covid-19 ka lasa nisintaka ny olona ary nisy vokany izany. Noho izany, mitombo ny ezaka atao satria ny vaksiny dia miaro sy misoroka ny zaza amin'ny karazana aretina 11 ka anisan'izany ny lefakozatra, raboka, difteria, tetanosy, kohadavareny, aretinaty B, meninzita, pnemonia, fivalanana, kitrotro ary ny aretin-tsofina. Ankizy latsaky ny 15 taona 12 851 149 no ezahina ho vita vaksiny mandritra ny herinandro afrikanina amin'ny fanaovam-baksiny izay atao ny 22 hatramin'ny 26 aprily 2024 izao sady fanamarihana ny 50 taona programa fanaovam-baksiny. Hanomboka ny 14 hatramin'ny 17 may 2024 kosa ny hetsika fanamafisana ny andron'ny vaksiny. Ny 3,75 isanjaton'ny mponina ihany koa no atao vaksiny BCG ary vehivavy mitondra vohoka 4,2% no hatao vaksiny miaro amin'ny tetanosy sy difteria. Misy amin'izany ny fitetezana isam-baravarana, ny atao any amin'ny tobimpahasalamana, eny an-tsena sy ny maro hafa.

### Karazam-baksiny

Misy tokoa mantsy ny tetiandrom-baksiny ho an'ny zaza 0 hatramin'ny 24 volana. Vao teraka hatramin'ny faha-14 andro, tokony hanao vaksiny VPO0 izay miaro amin'ny lefakozatra ny zaza. Vao teraka hatramin'ny 11 volana, tokony hatao vaksiny BCG mba hiarovana amin'ny raboka, iray volana sy tapany hatramin'ny 6 herinandro, vaksiny efatra no tokony hataon'ny zaza mba hiarovana azy amin'ny difteria, tetanosy, kohadavareny, aretinaty B, meninzita, pnemonia, aretin-tsofina, lefakozatra ary ny fivalanana. Iray volana sy tapany hatramin'ny 14 herinandro miverina fanintelony ny vaksiny miaro amin'ny tetanosy sy fivalanana ary ireo aretina maro hafa. Rehefa feno 9 volana dia miverina ihany koa ny vaksiny miaro amin'ny kitrotro sy ny maro hafa. Ho an'ny vehivavy bevohoka kosa, misy ny vaksiny atao vao manomboka misafo mandrapahateraka ary aorian'ny fiterahana miaro azy amin' ny tetanosy sy ny difteria. Fantatra izany rehetra izany nandritra ny fifampizarana natao teo amin'ny mpanao gazety sy ireo tomponandraikitra eo anivon'ny OMS sy Unicef ary ny minisiteran'ny fahasalamana omaly teny Andraharo.



Misy ny fifampizarana mikasika ny vaksiny notanterahina teny Galaxy Andraharo omaly.

**Nath**

Federasiona Malagasin'ny Baolina Kitra

# Nesorina ny Sekretera Jeneraly sy ny DAF

18 oktobra 2023 – 19 avrily 2024 ! 7 volana sy iray andro taorian'ny nanambaran-dRamatoa Ralavarisoa Beby Fabienne, filohan' ny Vaomiera Nasionaly nikarakara ny fifidianana, ny fahalanian'ny filohan'ny FMF, Randriamanampisoa Alfred, niditra tamin'ny fanovana mpiara-miasa ity farany. Raha ny angombaovao voaray, nesorina ny Sekretera Jeneraly sy ny Directeur administratif et Financier (DAF). Omaly ihany dia efa natao ny fifamindram-pitantanana teo amin' izy ireto sy ny mpandimby azy, izay raha ny vaovao voaray, dia efa mpiaramiasa tamin'ingahy DAF teo aloha ihany ny nandray ny toerany, raha olona efa niara-niasa tamin'ny filohan' ny federasiona ihany koa ny napetraka eo amin'ny toeran' ny Sekretera Jeneraly. Mahakasika manokana an'i




Natsahatry ny federasiona hatreo ny fiaraha-miasa tamin-dRamatoa Ranja Mahatovo.

Ranja Mahatovo, Sekretera jeneraly teo aloha, dia tamin'ny fotoana nitantanan-dRaoul Arizaka Rabekoto ny federasiona no nipetrahany teo amin'ity toerana ity. Anisan'ny mafy ny asa sy andraikitra nosahaniny rehefa lasa tany ivelany ny filohan'ny FMF tamin'izany ary tena namaivay ny enjika sy tsindry nahazo azy tao amin'ity tranoben'ny baolina kitra ity. Nanaitra ny maro ihany anefa taty aoriana, ny mbola nahitana azy nampiandraiketana ity toerana ity, rehefa lany ho filoha ingahy Alfred Randriamanampisoa. Antenaina noho izany fa hisy ny fampitam-baovao mazava sy hampahafantarana amin' ny fomba ofisialy ireto mpiara-miasa vaovao amin' ny federasiona malagasy ny baolina kitra ireto.

Rabenaivo

Tennis - Tompondakan'i Afrika U-16 vehivavy

# Hiady medaly alimo i Mioty Voavy anio



Mbola hiady medaly alimo anio i Mioty Voavy.

Ilay teratany Ejyptiana, Judy Tawila anio any Alger Alzeria no hifanandrina amin'ilay Malagasy, Andraina Mitia Voavy, tafiditra amin'ny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika, ho an'ny latsaky ny 16 taona zazavavy, taranja Tennis. Tsiahivina, raraka teo amin'ny manasa-dalana ity solotenantsika ity omaly, rehefa lavon'ilay Ejyptiana, Mostafa Rahaf, tamin'ny seta 0 no ho 2(1/6-0/6). Nambarany taorian'iny manasa-dalana iny, fa nanary "balle de jeu" betsaka izy, izay tsy nisy maty ka nahatonga io vokatra io. Antenaina, hanao izay fara-fahaizany i Mitia Voavy amin'ity fiadiana ny laharana fahatelo ity, handrombahana ny medaly alimo ary tsara toerana hahazoana izany izy. Raha hiverenana iny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika teo iny, tsy nisy mpifanandrina izy tany amin'ny fihodinana voalohany, teo amin'ny fihodinana faharoa dia ilay Toniziana, Attig Sara no resiny, tamin'ny seta 2 no ho 0(6/1-6/0). Teo amin'ny ampahefa-dalana dia lavony tamin'ny seta 2 no ho 0(6/0-6/2) ihany koa ilay Kameroney, Fozo Charmelle ary dia iny resin'ilay Ejyptiana iny izy teo amin'ny manasa-dalana. Ilay Alzeriana, Maria Bdache, izay nandrandrain'ny maro ihany koa da raraka tany amin'ny dingan'ny ampahefa-dalana.

Rabenaivo

PASI PASI

Rasoamanana Vololona

# Efa fiainan'ny fianakaviany ny fanatanjahantena

*Sambany no hiresaka taranja Savate Boxe Française isika anio eto amin'ny PASI PASI . Fianakaviana miavaka kely izy ireto satria dia "Juge arbitre" ny Reniny ary mpikatroka sangany sy manana ny hoaviny ireo zanany, indrindra fa izy kambana mirahavavy.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***RV :*** Rasoamanana Vololona
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve, inona ilay spaoro atao ?
***RV :*** 40 taona dia mbola manao spaoro hatramin' zao, mitaiza vatana amin'ny «musculation» ary miaraka mikotrana amin'ny zanako any amin'ny « salle »
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
***RV :*** Mbola tsy nanambady no efa tia nanao spaoro ary hatramin'izao na dia mbola miandraikitra ny "juge arbitre" amin'ny taranja Savate Boxe Française ny tenako.
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
***RV :*** 3 ny zanako, Edou Lefebvre, Ericah Lefebvre, Michaela Lefebvre. Tena tia manao spaoro daholo ry zareo. Izy roavavy ireo moa dia kambana ary ny Savate Boxe Française no taranjam-panatanjahantena ataony.
***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***RV :*** Tsy noterena ry zareo fa efa ao anatin'ny rà ny ny spaoro
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipampirenena ve ny zanakao ?
***RV :*** Efa nisy fotoana voantso handrafitra ny ekipam-pirenena izy kambana mirahavavy saingy tsy lasa noho antony tsy nahavitan'ny Visa. Marihana, efa manana anaram-boninahitra maro izy ireto, toy ny tompondakan'Analamanga sy Tompondakan'i Madagasikara ho an'ity taranja Savate Boxe Française ity.



Miaina tanteraka ao anatin'ny haiady Savate Boxe Française izy mianakavy ireto.

***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany ?
***RV :*** Mahafinaritra ny fianakaviana miaraka manao spaoro
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***RV :*** Manao « sortie » dia mihira ary mijery « compétition »
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***RV :*** Manentana antsika fianakaviana mba hanao spaoro fa sady mahasalama no mahatanora lalandava ary tena ilaina ilay izy. Mankasitraka indrindra.

Rabenaivo

## TSIPAKA

Raha mbola ady hevitra eny anivon'ny fiarahamonina eny ny antony ka nahatonga ilay tsy nahazoan'ny kianja Barea « homologation », nifandimby nandatsaka sazy ho an'ny klioba sy fanesorana mpiara-miasa kosa ny teo anivon'ny CFEM sy ny FMF tamin'ity herinandro ity.

### Fanadiovana !

Teboka maromaro no voalaza fa notakian'ny CAF ka tsy narahantsika, nitarika iny fanafoanana ny « homologation » iny kianja iny. Nilaza hanenjika izany fahatarana izany ny teo anivon'ny fitondram-panjakana sy ny Federasiona, ka hovitaina haingana izany. Raha ny zavatra hita tao anatin'ity herinandro ity, mihazakazaka ny mpitantana ny CFEM namoaka ireny sazy ho an'ny 3FB, MAMA ary ny TSARAMANDROSO teo ireny, izay nisy ny mandoa lamandy ary ao ny mety tsy afaka hanohy ny fifaninanana « PFL » intsony. Vao omaly ihany koa ny FMF no nanala ny SG sy ny DAF, izay heverin'ny maro fa tafiditra anatin'ny fanadiovana ity tontolon'ny baolina kitra Malagasy ity avokoa no anton'izany. Mahakasika ity farany, betsaka ireo nilaza fa tokony nilamina iny raharaha kianja Barea iny raha tena nahay nanao « lobbying » Ramatoa Sekretera Jeneraly. Tao koa ireo nanambara fa mety hanome hoditra akondro ho an'ny ekipan'ny federasiona vaovao ny tenany, izay efa mpiaramiasa tamin'ingahy Arizaka Raoul Rabekoto, filoha teo aloha. Samy fanehoan-kevitr'ireo mpankafy ity taranja baolina kitra ity avokoa moa izany fa ny tena maharary ny rehetra dia ny hoe tsy hilalao eto amin'ny kianjany ny Barea amin'io volana jona hoavy io, kanefa mbola anatin'ny hazakazaka tanteraka ho amin'ny fifanitsanan'ny "Mondial 2026". Hatreto samy manana herijika hahazoana ny tapakila na ny Barea mpampian-trano na ry zareo Kaomoriana sy Mali hoavy eto.

Rabenaivo

Kitra - Andrianirina Rajomazandry

# Tsy mahazo milalao sy miakatra an-kianja mandritra ny roa taona

Ankoatra ny sazy nampiharina tamin'ny ekipan'ny 3 FB Toliary avy any amin'ny ligin'Atsimo Andrefana sy ny MAMA FC Itasy farany teo, dia anisan'ny sazy henjana nampiharin'ny Komity Mpanatanteraky ny Federasionina Malagasy amin'ny Baolina kitra (FMF) tamin'ity taom-pilalaovna ity ihany koa ny fanasaziana an'i Andrianirina Rajomazandry, mpiandry tsatobin'ny JET Kintana Madagascar avy eto amin'ny ligin'Analamanga, izay tsy mahazo miakatra an-kianja mandritra ny roa taona. Mazava ho azy fa tafiditra ao anatin'izany ny fifaninanana karakarain'ny federasionina (FMF). Nanomboka tamin' ny namoahan'ny FMF ny fanapahan-keviny tamin'ny volana aprily no tsy nandraisan'i Joma ny toerany intsony tao anatin'ny ekipany. Raha ny akom-baovao voaray momba ny fanasaziana an'ity mpiandry tsatobin'ny Elgeco Plus fahiny sy ny Barea de Madagascar ity ihany koa no ambara dia voalaza fa noho ny fanompana sy fandrahonana mpitsara lalao no niampangana azy. Efa namaly ny "fanamelohana" nianjady taminy tamin'ny tambajotran-tserasera moa ny lehilahy fa mifanohitra tamin' izany ny zava-nitranga teny ambony kianja.

**Tsy asiana mizana tsindrian'ila**

Niteraka fanehoan-kevitra maro samy hafa tamin'ny mpanaraka baolina kitra moa iny fanapahan-kevitry ny "Comités Executifs"-n'ny FMF iny. Anisan'ny misongadina amin'izany ny fanaovana mizàna tsindrian'ila amin'ny famoahana fanapahan-kevitra sahala amin' izao. Andrasan'ny olona maro tokoa mantsy ny momba an'ilay fanompana sy fikasihan-tanana, nianjady tamin'ny mpanazatran' ny DATO FC avy any Farafangana, tany amin'ny kianjan'ny Maître Kira Andaboly, efa ho herinandro maromaro lasa izay, kanefa mbola tsy misy fanapahan-kevitra navoakan'ny Komity Mpanatanteraky ny federasionina mihitsy hatramin' izao. Mpitantana ligy sy mpanazatra ekipam-pirenena moa no voatohintohina tamin'iny raharaha iny ka mety avy amin'izany ve no mampitarazoka ny famoahana ny didy. Milaza ho nametraka fitoriana ihany koa moa ilay mpanazatra voadaroka, ka mety avy amin'ny fanadihadiana nataon'ny manampahefana ihany koa ve no mampitarazoka hatrany ny toedraharaha. Marihina fa raha tsy voavaha haingana ny olana tahaka ireny dia ahiana mety hivadika fifankahalala sy fifanandrinana eo amin'ny samy mpilalao na samy ekipa. Manginy fotsiny moa ny fifandrangitana any anatin'ny tambajotran-tserasera, izay efa misy manindrahindra sy mandranitra zavatra hafa mihitsy. Araka izany dia tsy tokony ho tazana amin'ny fifaninanana baolina kitra sy ny ara-panatanjahantena manontolo mihitsy ireo voalaza ireo (fifankahalana, fifanandrinana…). Tokony ho tandrovana sy mahasaropiaro hatrany ny teny filamatry ny federasionina iraisampirenena amin'ny baolina kitra (FIFA), maneho fa : "*My Games is Fair Play – No Racism* ".




**Mafy amin'ny mpilalao izany tsy mifaninana mandritra ny roa taona izany !**

**aris rafaly**

## Ako samihafa

Fifaninanana ASIEF

### Fantatra ny saran'ny fandraisana anjara

Ampatsiahivina fa mahatratra 13 ny isan'ny taranja ara-panatanjahantena, hifaninanana amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'ny mpiasam-panjakana, izay ho tanterahina any Antsiranana amin'ity taom-pilalaovana ity. Efa nampahafantarin'ny tomponandraikitra ny saran'ny fandraisana anjara. Ny Baolina kitra sy ny basket-ball no tena manana sokajy maro. Baolina kitra : « Vétéran » : 320.000 Ar ; « Super Vétéran » : 220.000 Ar ; « Futsal et Dame » : 220.000 Ar ; « Senior 1 » : 320.000 Ar ; « Senior 2 » : 320.000 Ar - Basketball ; « Vétéran » : 320.000 Ar ; "Super Vétéran" : 220.000 Ar ; "Jeune": 320.000 Ar ; "Dames": 320.000 Ar ; "Mixtes" : 320.000 Ar ; "Volley-ball" : 320.000 Ar ; Ateltisma : 220.000 Ar (Cross : 10.000 Ar) ; Kanetibe : 220.000 Ar ; "Danse Sportive" : 220.000 Ar (15.000 AR/Couple) ; "Rugby" : 320.000 Ar ; Tenisy : 220.000 Ar (20.000 Ar) ; Tenisy ambony latabatra : 220.000 Ar (5.000 Ar/joueur); Haiady : 180.000 Ar/D ; Lomano : 220.000 Ar ; "Belote" : 180.000 Ar ; VTT : 180.000 Ar.

Rugby - "U20 Barthes Trophy"

### Tsy mifaninana ny XV Makis de Madagascar




Tsy manana solontena mifaninana amin'ny "Coupe d'Afrique / U20 Barthès Trophy" i Madagasikara, izay fantatra fa mivarina any amin'ny Vondrona B . Araka ny fandaharam-potoana dia manomboka androany any Zimbaboe ity fifaninanana ity. Azo lazaina fa fahavoazana ho an'ny mpilalaontsika ny tsy fandraisana anjara amin'ny fifaninanana avo lenta afrikanina tahaka izao. Fifaninanana anombohana sahady ny fisedrana ny haavo tekinikan'ny baolina lavalava malagasy.

**aris rafaly**

Kitra - "Tournoi Orange Talent's Kids"

# Hanokatra ny fifaninanana ny ankizy madinika latsaky ny 11 taona

Ambohipihaonan'ny mpankafy baolina kitra, natokana ho an'ny ankizy mandinika latsaky ny 11 taona zazalahy, ny kianjan'ny "Roots Sport"-n'Ambatolampy Tsimahafotsy, rahampitso alahady 21 aprily 2024 tontolon'ny andro. Araka ny fitsipika mifehy ny fifaninanana dia isaky ny faran' ny herinandro no hanatanterahana ny lalao fifanintsanana. Ho an'ny latsaky ny 11 taona manokana dia mahatratra 14 ny isan'ny ekipa mandray anjara amin' ity fifaninanana karakarain' ny orinasa Orange ity. Saika ireo sekolin'ny baolina kitra, azo lazaina fa sangany eto an-drenivohitra sy ny manodidina azy no nasain'ny tomponandraikitra amin'izao fifaninanana izao. Marihina fa ny sekolin'ny AJESAIA manokana dia manana solontena anankiroa amin' ity "tournoi" ity dia Ivato sy Itaosy. Efa vita ny fisarihana nitsinjarana isambondrona ny ekipa mifanandrina. Isam-bondrona dia ahitana ekipa fito mifaninana. Ao anatin'ny Vondrona A no ahitana ny ekipan'ny H Plus – AS Jet Mada – Ajesaiaia Ivato – RMD – Grenade FC – IN Soccer – AS Etolie Filante. Ao amin'ny Vondrona B kosa no hifampitana ny Ajesaia Itaosy – Base Academie Ivato – Afa analakely – Jsem – Eft Bypass – 67 City – AS Everest. Soritana fa hatramin'ny 23 jona no hanaovana ny lalao fifanintsanana. Misy sokajintaona hafa ihany koa mandray anjara amin'ity fifaninanana ity.




**Manana solontena anankiroa ny AJESAIA.**

**aris rafaly**

## Fandaharan-dalao faran'ny herinandro

*Toy ny mahazatra dia ny taranja basket-ball sy ny baolina kitra hatrany no mahoraka amin'ny fifaninanana ara-panatanjahantena eto an-drenivohitra amin'izao faran'ny herinandro izao. Ny baolina lavalava moa dia misy fandaharan-dalao ihany fa saingy mamofompofona resaka pôlitika amin'izao maha antomotra ny fifidianana solombavambahoaka izao.*

**BAOLINA KITRA**

***" Telma Coupe de Madagascar 2024 – 1/16 de Finale "***

***Antananarivo***

CFFA (PFL) # MI20 FC (Anl) ; AS Ste Anne (Anl) # Disciples FC (PFL) ; USCAFoot (PFL) # FC VIVA ; INATE FC Rouge (PFL) # Requin Belu (Anl) ; Toulon Academie (Anl) # Elgeco Plus (PFL) ; MAMA FC (PFL) # USCAFoot D1 (Anl)

***Fianarantsoa***

Zanakala FC (PFL) # AS3A (Amoron'i Mania) ; Zazamola 3 (A. Mania) # 3 FB (PFL)

***Ambanja / Antalaha***

Kfca (PFL) # Ased // Cosfa DS ; Asa Diana (PFL) # FC Landrique // TP Sirama

***Ambatondrazaka***

AS Fanalamanga (PFL) # Kakambary (Analanjorofo)

***Ihosy***

AS Comato (Atsimo Andrefana) # FCA Ilakaka (Ihorombe)

***Mahajanga***

Fosa Academie (Boeny) # Cosfa (PFL) ; Fosa Junior FC (PFL) # Zoya FC (Boeny)

***Manakara***

Reseau Fort (V7V) # Dato FC (PFL)

***Toamasina***

Fanahisoa (Atsinanana) # Ajesaia (PFL)

**BASKET-BALL**

**Tompondaka SBBAR Antananarivo**

*Alahady 21/04/2024 – Kianja Toby 1*

7 ora 30 – 15 ora : « U20F »/ Gnbc # Fandrefiala ; « U18G »/Ccb # Cosfa ; « U18F »/ Snipers # Akbb ; « VetD »/ Bcr # Bca ; « U20G »/ Mb2All # Gnbc ; « VetD »/ Tafaray # Pmbc

*Kianja Toby 2*

07 30 – 15 ora : « U18F »/ Cosfa # Ast ; « U20G »/ Fandrefiala # Ast ; « VetH »/ At2b « Bbc ; « VetD »/ Bbc # Asbm ; "VetH"/ Bbcm # Manakers ; "N1BH"/ Maroliona # Jap Mada

*Kianja Sainte Famille 1*

8 ora – 15 ora : « U12G »/Fandrefiala # Bcr – Assm # Sepa Tana – Cbbt # Jcbba – Afo # Tacbb – Cosfa – Tsbb – Asa # Nbe – Asa # Nbe ; « U12F »/Nbe # Asa – Cbbt # Cosfa

*Kianja Sainte Famille 2*

7 ora 30 – 15 ora : « U12F »/ Mb2All # Akbb – Jcba « Soe – Sepa Tana # Afo ; "U14F – ½ finale"/Fandrefiala # Cbbt ; "U16F – 3 pl"/Asa # Fandrefiala ; « U16F – Finale »/ Assm # Mb2All ; « U14F – ½ Finale »/ Assm « Lucadro

**Tompondaka SBBAR Ambohidratrimo**

*Sabotsy 20/04/2024 – Kianja Agréer Ivato*

10 ora 30 : "U14G"/ New Academics Sport # Gbca

12 ora : "U18F"/Gbca # Dunamis

13 ora 30 : "U18G"/Cosbaimi # Dunamis

Alahady 21/04/2024 – *Kianja Agréer Ivato*

12 ora 30 : New Academics sport # Cob

14 ora : "VetH"/ Cob # New Academics Sport.

**nangonin'i a.r**

## Sarisary zary tenany

**Sovenira**




## Masoandro miposaka

**1 JAONA 1 : 5**

**5 Ary izao no teny renay taminy ka ambaranay aminareo: Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory ao aminy.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

**Taona**







## Ohabolana



**Ny lehibe entin-ditra, ny kely entin-kiry.**

Les grands sont emportés par leur entêtement, et les petits par leur obstination.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3225**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | 3 | | | | 9 |
| | | 6 | 4 | | 9 | 7 | | |
| 8 | 2 | | | | | | 3 | 1 |
| | | | 5 | 8 | 6 | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | 9 | 7 | 3 | | | |
| 2 | 6 | | | | | | 8 | 4 |
| | | 3 | 6 | | 7 | 9 | | |
| 5 | | | | 2 | | | | 6 |

Valin'ny laharana **3224**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 5 | 9 | 3 | 1 | 6 | 8 | 4 | 7 |
| 8 | 4 | 1 | 9 | 7 | 5 | 6 | 3 | 2 |
| 7 | 3 | 6 | 8 | 4 | 2 | 5 | 9 | 1 |
| 6 | 9 | 2 | 7 | 3 | 4 | 1 | 8 | 5 |
| 4 | 8 | 3 | 5 | 2 | 1 | 7 | 6 | 9 |
| 1 | 7 | 5 | 6 | 8 | 9 | 4 | 2 | 3 |
| 3 | 1 | 7 | 4 | 9 | 8 | 2 | 5 | 6 |
| 9 | 6 | 8 | 2 | 5 | 7 | 3 | 1 | 4 |
| 5 | 2 | 4 | 1 | 6 | 3 | 9 | 7 | 8 |

Maevatanàna an-tampon-tanàna

# Ady amin'ny fiparitahana zava-mahadomelina



Olona sivy no voasambotry ny Polisy. Noho ny fiparitahin'ny zava-mahadomelina eto Maevatanàna an-tampon-tanàna, dia nisy hatrany ny hetsika natao'ny polisim-pirenena aty an-toerana, mba hisoroahana amin'ny mety firongatr'izany. Ny Asabotsy faha 13 Aprily 2024 teo, no nahitam-bokany ny hetsika natao, ka olona fito mianadahy no tra-tehaky ny polisy amin'ny fiparitahana zava-mahadomelina, tao amin'ny fokontan'Ambatofotsy, ato anatin'ny kaominina Maevatanàna voalohany, ka ny efatra amin'izy ireo, dia mpidoroka rongony, raha mpivarotra rongony kosa ny roa ambiny sy ilay vehivavy mitaiza kely iray. Rehefa natao moa ny fisavana ny tranon'ireto farany, dia mbola hita sy voamarina ny fisiana rongony amin'ny fonosana maromaro. Taoarian'ny fanadihadiana natao azy ireo, dia natolotra ny fampanoavana, izy fito mianadahy no tsy nisalasala ny tonia mpampanoa lalàna ny nampiditra azy ireto teny amin'ny fonjan'Ambodimadiro ao amin'ny mangahazo tsy vidina. Tsy nijanona hatreo anefa ny hetsika natao'ny polisim-pirenena, fa nitohy hatrany, ary nisy ihany koa feo niely makasika ny fisian'olona mivarotra rongony, eny amin'ny fokontany Anosy kely atsimo, ato anatin'ny kaominina Maevatanàna ambonivohitra. Nidina nanao ny fikarohana teny an-toerana tsy nisy hatak'andro izy ireo, ary voasambotry nandritra izany ny lehilahy iray mpivarotra rongony. Mbola tratra teo am-pifohana rongony tao an-tranony ny namany iray hafa. Nentina teny amin'ny biraon'ny polisy moa izy roa lahy ho hatao famotorana no nanaovana tatitra mahakasika ity tranga ity ny mpitsara ao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany eto Maevatanàna. Ny Alatsinainy faha 22 Aprily 2024 izao, no hatolotra ny fampanoavana izy roa lahy. Raha ny angom-vaovao hatrany dia, miisa sivy minadahy ny fitambaran'ireo olona voasambotry ny polisy tamin'ny fiandohany faha-13 Aprily 2024, ary niampy rongony fonosana 22 niaraka tamin'izy ireo. Mitohy hatrany moa ny hetsika hiadiana amin'ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina, hoy ny kaomisera eto Maevatanàna raha nitondra fanazavana taminay hatrany, no nanentana ny isam-batan'olona tsirairay avy ny tenany, mba tsy hisalasala hitoroko sy hiantso ny laharana maitso "017"amin'ny Airtel, indrindra hiantso azy mivantana amin'ny laharam-pidainy amin'ny 034.05.998.69, na andro na alina, rehefa mahita tranga mampiahiahy eny anivon'ny hiaraha-monina sy ny eny fokotany avy.

**Ratantely**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 644 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000


## Nahandro

### Riz garni à la saucisse fumée

**Zavatra ilaina :** saucisse fumée, vary, voatabia, tongolo be, sauce soja,tongolo maitso, coriandre.

**Fikarakarana azy :** Andrahoina misiratsiraka ny vary dia atokana. Manao "sauce tomate" sy "oignon" misimisy. Arotsaka ny "saucisse fumée" voatetika tokony ho 1cm. Endakendasina mandritra ny 5mn . Azo asiana "sauce soja" kely avy eo ra tiana. Afangaro amin'ny vary ireo dia asiana tongolo maitso sy "coriandre" voatetika madinika.

Ity sakafo ity dia afaka ampiana atody nendasina voatetika lavalava sy olatra mainty sy karaoty ary "haricots verts" kelikely raha misy.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**20 avril au 26 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Andriamanitra dia manome ny fotoana mety indrindra, hanomanako ny ho aviko, mba ho ambony sy ho tsara ka hipetraka ho tantara. »
Ny Vetso (25 .03. 14)
(«Dieu nous donne l'occasion de réaliser une haute destinée.»)

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

**SAMEDI 20 AVRIL 2024**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.35 : Salama va
07.30 : Mahandro ®
08.00 : Dessins animés
09.30 : Film Comédie
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.30 : Série ®
13.45 : Film Romantique
15.45 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Art Culinaire avec chef Dino
18.00 : Reportage : Chine-Afrique
18.15 : Fandaharana manokana
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : NY VAOVAON'NY Ma-TV
20.15 : Ankarihary
21.00 : Film Action
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Frisson
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Dramatique
05.00 : Antsampiderana

**DIMANCHE 21 AVRIL 2024**

06.00 : Amboarampamonjena
07.00 : Les olivers/SEDERA
07.25 : Feon'ny Pentekosta
08.00 : Kristy mandamina
08.35 : Oran'ny fanantenana
09.00 : Rhefi
09.45 : FJKM
10.45 : FAM ®
12.00 : METEO
12.05 : Vaovao antsira
12.30 : SPECIAL LIVE
13.50 : Série ®
15.20 : Film Jeunesse
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery
18.00 : Divertissement
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire
18.55 : METEO
19.30 : Mahery
20.30 : Film Comédie
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Magazine
03.00 : Film Aventure
04.45 : Mahafinaritra
06.00 : Oran'ny fanantenana

KOLO TV

**SAMEDI 20 AVRIL 2024**

06.15 : Racines d'Afrique
06.30 : So COOL
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
12.00 : Culte
13.00 : Animé
14.10 : K-Pop
16.05 : Mozika
17.00 : Smiling Time
17.40 : Zik Zag
18.30 : Tables de Mada
19.15 : Break
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Soirée Nouveauté Ciné
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**DIMANCHE 21 AVRIL 2024**

06.30 : Tables de Mada ®
07.00 : Smiling Time
08.50 : Zik Zag ®
09.20 : Docus
10.00 : Cinéma
12.00 : Mecamag
13.00 : L'intégrale
14.00 : Cinéma
16.00 : Passion d'Ados
16.15 : Jv News
17.00 : HAVOTAFO
19.00 : Alalino
19.25 : Vanitika
20.00 : Ny Vaovao
20.25 : Le Journal de l'économie
20.50 : Cinéma
22.40 : 7 Jours sur la planète
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV

**SAMEDI 20 AVRIL 2024**

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : D A / DIVER
09.00 : TOI MON AMOUR ®
12.50 : HIRANTSIKA
14.00 : DOCUMENTAIRE : MAGAZINE
14.25 : ASINTADO ®
19.45 : DIVERTISSEMENT
20.00 : ALEO RESAHANA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM

**DIMANCHE 21 AVRIL 2024**

05.30 : HIRA FIDERANA
07.00 : FILM
08.36 : DESSINS ANIMES
09.36 : DIVERTISSEMENT
11.00 : DESSINS ANIMES
13.00 : HIRANTSIKA
13.30 : ALEO RESAHANA ®
14.30 : DIVERTISSEMENT
16.00 : FILM PARLE MADAGSCAR
19.30 : HIRA FIDERANA ®
21.00 : DIVERTISSEMENT
22.00 : FILM

*************

## TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Andry Rajoelina

# Zezika 102 taonina no nozaraina tamin'ireo tantsaha traboina

Tontosa tao amin'ny kianjan'ny Ekar Sainte Antoine de Padou tao Soanierana Ivongo ny fizarana zezika sy masomboly ho an'ireo tantsaha traboina vokatry ny rivodoza Gamane. Miisa 5000 izy ireo no nisitraka izao tantsoroka avy amin'ny fanjakana izao. Zezika Npk 102 taonina no nozaraina tao Soanierana Ivongo. Ny 260 taonina kosa zezika organika ary 26 taonina ny zezika Urée. Miisa 8970 fonosana kosa ny masomboly legioma nozaraina tao an-toerana, ary masomboly vary ny 14 taonina miampy masomboly katsaka 5 taonina. Tanjona ny hanarenana ireo voly sy tanimbary simba,izay foto-piveloman'ireo mponina. *"Ho fanampiana sy fanarenana ny fiainan'ireo tantsaha no tena tanjona. Tsy nitondra tanam-polo ianao andriamatoa filoha fa namonjy ireo mponina tokoa"*, araka ny fisaorana nataon'ingahy minisitra. Fantatra fa mahatratra 1500 hektara ireo tanimboly sy tanimbary simba vokatr'ity rivodoza ity ka ny 2500 hektara no efa voaharina. *"Izay mahavangivangy tian-kavana. Fantatro fa tia ahy ianareo ary izaho koa tianareo. Isika rehetra dia mila mifanampy, na an-kafaliana na an-karatsiana"*, hoy indray kosa ny filoha Rajoelina Andry. Nahatonga azy nitondra izao fanampiana izao ny fanampiana ireo tantsaha traboina ao Soanierana Ivongo. Fambolena mantsy no foto-piveloman'izy ireo. Nanome toromarika ny minisitry ny fambolena sy ny fiompiana izy hijery ny fitsinjarana ireo zezika sy masomboly ireo mba ho ampy an'ireo tantsaha mifanaraka amin'ny filany.

**"Kit solaire"**

Ankoatra izay dia nisy ihany koa ny fizarana jiro "Kit solaire" ho an'ny mponina tao Soanierana Ivongo. Hetsika faharoa nataon'ny filoha teto an-toerana io ka miisa 7059 ireo olona nisitraka izany. Faly sy ravo noho izany fisitrahana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro izany izany ireo mponina manana ny karinem-pokontany. Naverimberin'ny filoha tao anatin'ny kabary fohy nataony fa be loatra ireo malagasy mbola mampiasa solitany. Mety hitera-doza anefa izany ary maha be fandaniana ny tsirairay ihany koa. Fanamby efa napetrany ny hoe tsy hampiasa solitany intsony ireo mponina tsy manana jiron'ny jirama. Karazany roa ireo jiro nozaraina, ny iray lehibe kokoa ary manazava efitrano lehibe. Ny iray kosa kelikely azo atao anaty poketra. Hozaraina jiro avokoa ny tokantrano tsirairay, araka ny fampanantenan'ny filoha.

**Kaominina**

Marihina fa novalian'ny filoham-pirenena avy hatrany ny fangatahan'ny ben'ny tanàna lefitra ao Soanierana Ivongo ny hamadihana ny tanàna ho lasa kaominina an-drenivohitra aty amin'ny faritra Analanjirofo. Horaisina ny didimpanjakana momba izany raha ny nambaran'ny filohampirenena. Noantitranteriny mantsy fa maika ny fampandrosoana an'i Madagasikara ary mila olona mahay miaramiasa aminy izy hanafaingana ireo asa maika. Nampanantena izy fa hovitaina koa ny kianja sy ny Epp ao Soanierana Ivongo. Hasiana tetezana miampita eo Soanierana Ivongo mandeha any Sainte Marie. Antony ny mba hisorohana izay loza an-dranomasina mety hitranga amin'ny fitaterana mandeha miala ao an-toerana mihazo an'ity Nosikely ity.

**Deyland**



Fizarana zezika sy masomboly nataon'ny Filoha Rajoelina.


## Ho anao Ramatoa

# Manampy betsaka amin'ny fikojakojana tarehy ny voasarimakirana

*Isany mahasarotiny antsika vehivavy na ho an'ny efa mahazo taona na ho an'ireo tovovavy ny resaka tarehy satria ny endrika mihitsy no voakasika. Maro anefa ny zavatra mety hanimba ny tarehintsika na koa mety haharatsy endrika. Eto àry "Ho anao Ramatoa", ampahafantatra anao ireo asan'ny voasary makirana manokana eo amin'ny fikojakojana izay tarehy izay.*







Manala ireny tasy mainty kely (point noir) amin'ny tarehy ireny ny voasarimakirana. Toy izao ny fanaovana azy : voasarimakirana iray potserina ao anatin'ny vera, avy eo mangalà vovo ary atsoboka ao anatin'ilay ranom-boasarimakirana izany. Ahosotra amin'ny faritra misy ireo tasy mainty izany avy eo. Ny faritry ny orona sy ny handrina ary ny saoka no tena asiana betsaka satria amin'ireo faritra ireo no tena ahitana betsaka. Avela ho maina eo amin'ny hoditra ilay ranom-boasarimakirana dia ho hitanao eo ihany ny fiovana. Tsara raha atao indray mandeha isanandro mandritra ny herinandro izany dia miala tsara daholo amin'izay ireo tasy mainty.

Manala ireny kentrona amin'ny ny maso (cernes) ireny ihany koa ny voasarimakirana. Matetika rehefa reraka isika na koa tsy natory na niari-tory no misy ireny faritra maintimainty ireny ny maso. Ny ampitso anefa mbola hiasa na koa hanatrika fety na tahaka izany. Fantaro àry ny fomba fampiasa ny voasarimakirana raha misy izany indray ny maso : ny antsasaky ny voasarimakirana eto no potserina atao anaty vera dia rarahana menaka oliva kely ilay ranony ary afangaro. Maka vovo indray atsoboka ao anatin'ireo fangaro ireo ary ahosotra manodidina ny maso. Mialoha ny hatory no tsara atao ity indrindra raha ho an'ireo niari-tory mihitsy na mahatsapa fa vizaka eo amin'ny maso.

Manala mony ihany koa ny voasarimakirana. Isany manahirana ny rehetra ity mony ity. Zaraina roa ny voasarimakirana ka ny antsasany ihany no ampiasaina. Avy hatrany dia iny antsasaky ny voasarimakirana iny mihitsy no ahosotra amin'ny tarehy sy ireo faritra misy mony. Tsy averimberina ny fanosorana azy fa indray mandeha tsy miverina mba tsy hiparitahan'ny mikroba indray.

# TENY REHETRA TENY

**TAO AN-TOKOTANY BE TAO AMIN'NY LAPAN'NY KOLONTSAINA SY FANATANJAHANTENA IZAY HO TAPITRA ANIO. ARARAOTY NY FITSIDIHANA FA AHAZOANAO TOMBONY NY MAHALALA NY ZAVAKANTO REHETRA ASEHO AO.**





Seho ankapobeny










Asa sokitra sy hosodoko izay samy voakaly tanteraka.




Tonga nampiranty tao koa ny vahiny namaly ny antso.



Na ny mpanjaitra koa aza dia nampitolagaga ny maro ny vokatra nasehon'Ingahy Mpanakanto.



Makety indray mijery ny Rovan'Ambohimanga .



Voan'ny donaka hatramin'ny kilonga.



Ho fantatrao manomboka anio ny karazana trano izay misy sy vita amin'ny aingam-panahy sy tao-zavatra tena Malagasy avy any atsimo mianavaratra sy atsinanana miankadrefana.